FIVONDRONAMBEN'NY FEDERASIONAN'NY
FIANGONANA ADVANTISTA
MITANDRINA NY ANDRO FAHAFITO
RANOMASIMBE INDIANINA

# 10 ANDROM-BAVAKA

JANOARY 2023

# Miverina Amin'ny Alitara

***"Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho ahaka izany."*** **– Jao. 4:23.**

# Taridalana ho an'ny mpitarika: **Miverina amin'ny alitara**

Tonga soa eto amin'ny Folo Androm-Bavaka 2023! Mino isika fa ny vavaka no fototra nahatanterahan'ny fifohazana. Andriamanitra dia naneho fahagagana be dia be nandritra ireo taona maro lasa raha niara-nitady Azy tamin'ny vavaka sy ny fifadian-kanina isika. Ny Fanahy Masina dia nitondra fiovam-po, firehetana vaovao ho amin'ny fitoriana ny filazantsara, fifohazan'ny fiangonana ary fahasitranan'ny fifandraisana.

Efa niantso anao ho amin'ny fifohazana ve ny feon'Andriamanitra? Ny Baiboly dia feno teny fikasana ho anao:

*"Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hanasitrana ny taniny."* – 1 Tant. 7:14.

*"Ary hitady Ahy hianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra."* – Jer. 29:13.

*"Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena."* – Joe. 3:5.

*"Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko."* – Apôk. 3:20.

Na aiza na aiza misy anao ankehitriny, dia akaiky kokoa anao noho ny fiheveranao azy Andriamanitra. Maniry handrotsaka ny fitahiany amin'ny fianakavianao, ny fiangonanao, ny fiarahamonina misy anao, ary ny tontolo iainanao Izy. Andeha hiaraka aminay ankehitriny hamaly ilay antso mba hiverina amin'ny alitara!

**Lohahevitra ankapobeny ho an'ny Folo Androm-Bavaka**

Nanolotra taridalana momba ny vavaka atao isan'andro mandritra ny folo androm-bavaka izahay. Ny taridalana tsirairay dia misy andalan-tSoratra Masina, vakiteny hosaintsainina (fampaherezana), andalan-teny hanaovana vavaka, soso-kevitra momba ny vavaka ary soso-kevitra momba ny hira. Manoro hevitra anao izahay mba hanao dika mitovy ny taridalana isan'andro mba hahafahan'ny mpandray anjara tsirairay avy manaraka izany mandritra ny fotoam-bavaka.

Ny fiangonana manera-tany dia hiombom-bavaka momba ny lohahevitra isan'andro. Miaraha amin'izy ireo hivavaka araka ireo andinin-tSoratra Masina voatondro sy ireo antom-bavaka, kanefa aza mihevitra hoe tsy maintsy hihazakazahanao hovitaina avokoa ireo lisitra rehetra momba ny vavaka. Mety ho tianao ny hizarazara ho vondrona kely ary asao ny vondrona tsirairay hivavaka ho an'ny ampahany amin'ny antom-bavaka.

Nampidirinay koa ny tahiry antsoina hoe: "Antom-bavaky ny Fiangonana Maneran-tany". Zava-dehibe ny miara-mivavaka ho an'ny fianakaviamben'ny fiangonantsika maneran-tany, nefa mety te hanokana fotoana fanampiny hivavahana ho an'ny zavatra ilaina eo an-toerana ianareo raha toa ny vondrona misy anareo ka ahitana mpitsidika avy amin'ny fiarahamonina manodidina. Mivavaha ho an'ny fomba handraisana tsara kokoa ny vahiny sy hahatonga azy ireo hahatsapa fa anisan'ny vondrona misy anareo izy.

**Soso-kevitra momba ny halavan'ny fotoam-bavaka tsirairay**

Ataovy tsotra ny fotoam-bavaka mba hahafahan'ny vondrona mifantoka tsara amin'ny fivavahana. Mety hiovaova ny halavam-potoana lany amin'ny fizarana tsirairay. Ity taridalana manaraka ity dia soso-kevitra fotsiny ihany:

**Fiarahabana sy fampidirana:** 2-5 minitra

**Famakiana ny teny hanaovana fampaherezana (**ao amin'ny taridalana momba ny vavaka isan'andro): 5 minitra

**Vavaka amin'ny alalan'ireo andinin-tSoratra Masina** (ao amin'ny taridalana momba ny vavaka isan'andro): 10-15 minitra

**Vavaka momba ny lohahevitra** ao amin'ny "soso-kevitra hafa momba ny vavaka" (ao amin'ny taridalana momba ny vavaka isan'andro): 5-10 minitra.

**Hira sy fiderana:** 5-10 minitra

**Vavaka ho an'ny hafa**

Entano ny olona tsirairay hivavaka tsy tapaka ho an'ny olona dimy ka hatramin'ny fito izay napetrak'Andriamanitra eo amin'ny fiainany. Mety ho havana izy ireo, namana, mpiara-miasa, mpifanolo-bodirindrina, na olom-pantatra tsotra izao. Ampirisiho izy ireo hangataka ny fitarihan'ny Fanahy Masina amin'ny fisafidianana ireo anarana sy amin'ny fanatonana ireo olona ireo mandritra ny folo andro. Mety ho tianao ny hanome karatra na taratasy kely hitanana an-tsoratra ny anaran'ireo olona tiany hoentina amim-bavaka.

**Fotoam-pivavahana Sabata mandritra ny Folo Androm-bavaka**

Aoka hisy fiifantohana amin'ny vavaka iray manokana ary fizarana fanandramana na fijoroana ho vavolombelona momba ny vavaka voavaly mandritra ny fotoam-pivavahana amin'ny Sabata anankiroa. Aoka mba hasiana zava-baovao – misy fomba maro ahafahana mizara amin'ny fianakaviamben'ny fiangonana izay zava-nitranga mandritra ny fihaonana isan'andro.

**Fankalazana ny Sabata farany**

Ny Sabata farany dia tokony hatao fotoam-pifaliana lehibe ny amin'ny zavatra rehetra nataon'Andriamanitra nandritra ny folo andro. Mampidira fotoana hanaovana fijoroana ho vavolombelona momba ny vavaka voavaly, ny fampianarana / fitoriana ara-Baiboly ary ny hira. Tariho ny fiangonana amin'ny fotoam-bavaka mba hahafahan'ireo izay tsy afaka nanatrika ireo fivoriana isan'andro hanao fanandramana ny amin'ny fifaliana amin'ny fiaraha-mivavaka amin'ny hafa. Jereo azafady ny fizarana momba ny Fankalazana ny Sabata hahitana hevitra misimisy kokoa.

**Fanaraha-maso ny tohin'ny Folo Androm-bavaka**

Mivavaha ny amin'ny fomba tian'Andriamanitra hanohizan'ny fiangonana / vondrona misy anareo ny zavatra natombony nandritra ny Folo Androm-bavaka. Angamba hanohy amin'ny fiaraha-mivavaka isan-kerinandro ianareo. Na angamba tian'Andriamanitra hanangana asa fanompoana vaovao ao amin'ny fiangonanareo ianareo na asa fitoriana eo amin'ny fiarahamonina. Aoka hisokatra hanaraka izay itarihan'Andriamanitra anareo ianareo. Azo antoka fa ho gaga ianareo rehefa miara-mandeha Aminy. Ilay tahirin-kevitra antsoina hoe Fanamby ho an'ny Asa Fitoriana dia ahitana hevitra maro momba ny asa fanompoana.

**Fijoroana ho vavolombelona**

Aoka mba hozaraina ny fomba fiasan'Andriamanitra nandritra ny Folo Androm-bavaka! Hampahery ny hafa ny fitantaranao izany. Ireo fijoroana ho vavolombelona dia azo alefa ao amin'ny internety ao amin'ny www.tendaysofprayer.org.

**Ireo teboka maneho ny fiombonam-bavaka**

**Mifanaiky (mifanaraka)**

Rehefa misy manonona antom-bavaka iray amin'Andriamanitra dia aoka ho azo antoka fa misy olona hafa koa manao io fangatahana io ary mifanaiky (mifanaraka) ny amin'izany – tena manan-kery izany! Aza mihevitra fa satria nisy olona iray nanonona ilay antom-bavaka dia tsy mila olon-kafa hanonona izany intsony. *"Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky etý ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany."* – Mat. 18:19. Tena mampahery tokoa izany misandratra amin'ny vavaka izany!

**Mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra**

Entano ny vondrona mba hitaky ny teny fikasan'andriamanitra rehefa mivavaka. Mora ny mifantoka amin'ny olana mahazo antsika; fa rehefa mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra isika dia mampitombo ny finoantsika ary mampahatsiahy ny tenantsika fa tsy misy zavatra tsy hain'Andriamanitra atao. Ny teny fikasana dia manampy antsika hanaisotra

ny fijerintsika eo amin'ny fahalementsika sy ny zava-tsarotra fa hametraka izany eo amin'i Jesôsy. Ho an'ny fahalemena tsirairay sy ny ady sarotra tsirairay dia afaka mahita teny fikasana ao amin'ny Baiboly hotakina isika. Ampirisiho ny olona hitady teny fikasana bebe kokoa ary handray an-tsoratra azy ireny mba hahazoany mitaky izany amin'ny hoavy.

**Fifadian-kanina**

Asao ireo izay miaraka aminareo amin'ny Folo androm-bavaka mba hihevitra karazana fifadiana, toy ny fifadiana fahitalavitra, hiran'izao tontolo izao, horonan-tsarimihetsika, internety, vatomamy, na karazan-tsakoafo saro-devonina. Manokàna fotoana fanampiny mba hivavahana sy hianarana ny tenin'Andriamanitra, mangataka an'Andriamanitra mba hanampy anao sy ny fiangonanao mba hitoetra bebe kokoa amin'ny fahafenoany ao amin'i Kristy. Amin'ny fihinana sakafo tsotra dia mamela ny saintsika ho mora mandre ny feon'ny Fanahy Masina isika.

**Ny Fanahy Masina**

Aoka ho azo antoka fa manao vavaka fangatahana ny Fanahy Masina mba haneho aminareo izay zavatra hangatahina ho an'ny fiainan'ny olona iray na ny toe-javatra iray manokana andalovany. Milaza amintsika ny Baiboly fa tsy fantatsika akory izay angatahintsika fa ny Fanahy Masina no mifona ho antsika.

"*Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin'ny anaran'i Kristy isika, fa amin'ny fibitsihan'ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikan'izay voalaza hoe: 'Ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina'- Rôm. 8:26. Mahafaly an'Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin'ny anaran'i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika, dia ao amin'io hery io indrindra no misy antoka avy amin'Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika Izy, 'mihoatra lavitra noho izay angatahintsika na heverintsika'* - Efes. 3:20." – HF, t. 120.

**Fanaovana diarim-bavaka**

Ny fanaovana diarim-bavaka mandritra ny Folo Androm-bavaka dia afaka hanampy ny mpandray anjara hitahiry ny lohahevitry ny vavaka isan'andro, hanao fanoloran-tena feno ho an'Andriamanitra, ary hamantatra sy hanaiky ireo fitahiany. Ny fanoratana ny vavaka ataontsika sy ny fitanana an-tsoratra ny valim-bavaka avy amin'Andriamanitra dia lalana azo antoka ho amin'ny faherezana.

Raha sitrakareo, dia afaka manome fotoana mandritra ny fivoriam-bavaka ianareo mba hanoratan'ny olona izay valiny hasetriny an'Andriamanitra ao amin'ny diarim-bavaka manokana. Na azonareo atao koa ny manao diary ho an'ny vondrona (na tarika) ho an'ny antom-bavaka sy ny valiny – ao anaty karine, amin'ny taratasy lehibe apetaka amin'ny rindrina, na amin'ny mailaka. Mampientanentana sy manamafy orina ny finoana ny manao jery todika ireo fomba namalian'Andriamanitra ny fivavahantsika!

**Fiankohofana**

Mampirisiha sy manomeza ohatry ny fomba fiankohofana. Manatona ny efitra misy ny seza fiandrianan'ny Mpanjakan'izao rehetra izao isika. Aoka tsy hohamaivanina amin'ny alalan'ny fihetsika na fomba amam-panao izany. Kanefa tsy dia ilaina ny handohalehana foana. Tianareo mba hahazo aina ny olona mandritra ny ora iray, koa entano ny tsirairay handohalika, na hipetraka na hitsangana araka ny fitarihan'ny Tompo azy sy izay mahametimety azy.

**Fehezanteny ampiasaina amin'ny vavaka**

Aoka ho fohy sady mivantana ny vavaka. Izany dia manome fotoana ny hafa mba hivavaka ihany koa. Ezaho ferana ho fehezan-teny vitsivitsy ny vavaka ataonareo. Afaka miverina imbetsaka manonona vavaka ny tsirairay. Ny fehezanteny fohy dia mahatonga ny fotoam-bavaka hahaliana, koa avelao ny Fanahy Masina hitarika ny vondrona ny amin'ny fomba hivavahan'izy ireo. Tsy voatery hatomboka na faranana amin'ny alalan'ny teny hoe "Andriamanitra tsara indrindra" sy ny "Amena" ny vavaka fohy tsirairay. Resaka mitohy atao amin'Andriamanitra izany.

**Fahanginana**

Amin'ny maha-mpitarika anao dia aoka tsy hiezaka hanjakazaka eo amin'ny fitantanana ny fotoam-bavaka. Ny zavatra kendrena dia ny mba hahatonga ny rehetra handray anjara amin'ny vavaka. Mahafinaritra ny fahanginana satria manome an'Andriamanitra fotoana hitenenana amin'ny fo. Avelao ny Fanahy Masina hiasa ary hanome ho an'ny tsirairay fotoana hivavahana.

**Hira**

Ny hira miainga avy hatrany ataon'ny vondrona, eny anelanelan'ny vavaka, dia mandravaka sy manampy fahatsarana ny fivoriam-bavaka. Azon'izy ireo atao ny mifidy hira mifanaraka amin'ny lohahevitra dinihina. Ny hira dia fomba tsara anankiray koa hifindrana ho amin'ny fizarana hafa amin'ny fotoam-bavaka.

**Fandraisana ireo antom-bavaka**

Aza manontany antom-bavaka avy amin'ny vondrona. Fa ilazao kosa ny olona hanao ny vavaka fangatahany avy hatrany ary ampirisiho ny hafa hiombona amin'izany. Ny antony dia noho ny fotoana! Ny firesahana momba ireny antom-bavaka ireny dia mandany ny ankamaroan'ny fotoam-bavaka. Mibitaka ery i Satana raha afaka mihazona antsika hiresaka momba ny olana fa tsy hivavaka ho an'ny olana. Misy vondrona mambra afaka manoro hevitra sy manoso-kevitra hanome vahaolana. Ny hery dia avy amin'Andriamanitra! Arakaraka ny ivavahantsika no anomezana antsika ny heriny.

**Ny Fotoanao isan'andro**

Tena zava-dehibe tokoa izao! Aoka ho azo antoka fa amin'ny maha-mpitarika anao dia mandany fotoana manokana isan'andro eo an-tongotr'i Jesôsy ianao, miresaka Aminy sy mamaky ny teniny. Raha ataonao ho laharam-pahamehana ho anao ny fahalalana an'Andriamanitra dia hanokatra fanandramana mahafinaritra ho anao izany. "*Avy tao amin'ny toeram-pivavahana mangina no nihavian'ny hery izay nanozongozona izao tontolo izao tamin'ny andron'ny Reformasiona Lehibe. Tamin'ireny toerana ireny, tamin'ny fahatoniana masina, no nametrahan'ny mpanompon'i Jehovah ny tongony tambonin'ny vatolampin'ny teny fikasany.*" - HM, t. 214. Rehefa mivavaka ny mpitarika dia miasa ao amin'ny fon'ny olona Andriamanitra!

# 10 ANDROM-BAVAKA

## FAMPIDIRANA

Tonga soa eto amin'ny Folo Androm-bavaka 2023! Mino isika fa ny vavaka no fototra nahaterahan'ny fifohazana. Andriamanitra dia naneho fahagagana be dia be nandritra ireo taona maro lasa raha niara-nitady Azy tamin'ny vavaka sy ny fifadian-kanina isika. Ny Fanahy Masina dia nitondra fiovam-po, firehetana vaovao ho amin'ny fitoriana ny filazantsara, ny fifohazan'ny fiangonana ary ny fahasitranan'ny fifandraisana. Indreto misy fijoroana ho vavolombelona vitsivitsy avy tamin'ny taon-dasa:

- *"Taorian'ny fandraisana anjara tamin'ny folo androm-bavaka, dia niova tanteraka ny fiainam-panahiko."*- **Josphat T.**
- *"Tsy hay faritana ireo fitahiana azo. Teo anivonay tokoa ny Fanahy Masina!"*- **Barbra J.**
- *"Nitondra ny mambra tao aminay hanakaiky kokoa an'Andriamanitra ny folo androm-bavaka. Nihamamy ny fiarahana, ary nilaza ny tsirairay fa nitombo ny fahavitrihany hirotsaka ho amin'ny famitana ny iraka sy ny famaboana fanahy."*- **Arlene A.**

Efa niantso anao ho amin'ny fifohazana ve ny feon'Andriamanitra? Ny Baiboly dia feno teny fikasana ho anao:

"*Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny*."- 2 Tant. 7:14.

"*Ary hitady Ahy hianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra.*" - Jer. 29:13.

"*Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena*" - Joe. 3:5.

"*Manatòna an'Andriamanitra, dia hanatona anareo Izy*" - Jak. 4:8.

"*Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondona; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy Amiko*" - Apôk. 3:20.

Na aiza na aiza misy anao ankehitriny, dia akaiky kokoa anao noho ny fiheveranao azy Andriamanitra. Te handrotsaka ny fitahiany amin'ny fianakavianao, ny fiangonanao, ny fiaraha-monina misy anao ary ny tontolo iainanao Izy!

## NY LOHAHEVITRY NY VAVAKA HATAONTSIKA: MIVERINA AMIN'NY ALITARA: MAMBOATRA FITOERANA HO AN'ANDRIAMANITRA

Maika lava sy feno tebiteby. Tezitra sy sorena. Maro herehina sy ketraka.

Sasany amin'ireo teny ampiasain'ny olona manerana izao tontolo izao ireo hoentimanoritsoritra ny fiainan'izy ireo ao anatin'ny fiarahamonina mihazakazaka ankehitriny. Raha toa ianao mahatsapa ihany koa fa mavesatra ity tontolo misy antsika efa ambavahoana ity, dia manasa anao izahay hanao ny dia lavitry ny folo androm-bavaka mba hankanesana eo amin'ny fon'Andriamanitra- eo no toerana hanesorana ny entamavesatra, hanasitranana ny ratra, ary hanavaozana indray ny hery. Apetraka aminao ny fihaikana amin'ny fanorenana indray ny alitaran'ny fiankohofana ataon'ny tena manokana amin'Ilay Andriamanitra marina sy velona, satria efa nampanantena Izy hoe: "*Ary hiantso Ahy hianareo ka handeha sy hivavaka amiko, dia hihaino anareo Aho*."- Jer. 29:12.

Andeha isika hiaraka hivavaka mba hisian'ny fifohazana eo amin'ny alitarampiankohofana ataon'ny tena manokana sy ataon'ny mpianakavy, mba hanavaozan'ny Fanahy Masina antsika sy hanomezany hery antsika hitoriantsika amin'izao tontolo izao ny hafatra farany avy amin'Andriamanitra, izay mitondra fanantenana!

**Soso-kevitra momba ny fotoam-bavaka**

- Ataovy fohy ny vavakao – fehezanteny iray na roa fotsiny ho an'ny lohahevitra iray. Dia avelao ny hafa handray anjara. Afaka miverina mivavaka imbetsaka araka izay tianao ianao, toy ny miresaka amin'ny resadresaka ifanaovana.

- Aza matahotra ny fahanginana, satria manome fotoana ho an'ny tsirairay hihainoana ny Fanahy Masina izany.

- Fitahiana lehibe koa ny fiarahana mihira araka ny fitarihan'ny Fanahy. Tsy mila zavamaneno amin'izany; tsara ny anaovana azy amin'izao fotsiny.

- Aza mandany ny ora sarobidin'ny fotoam-bavaka amin'ny firesahanao momba ireo antom-bavakao, fa tonony amim-bavaka fotsiny izany. Rehefa izany dia afaka mivavaka koa ho an'ny antom-bavakao ny hafa ary mitaky ny teny fikasana ho anao.

**Mitaky ny teny fikasana**

Tombontsoa ho antsika ny mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra amin'ny vavaka ataontsika. Ny baikony sy ny toroheviny rehetra dia teny fikasana koa. Tsy hitaky na inona na inona amintsika izay tsy azontsika atao amin'ny alalan'ny heriny mihitsy Izy.

Mora tokoa ny mifantoka amin'ny zavatra ilaintsika, ny olana mahazo antsika, ny fihaikana atrehintsika - ary ny mitomany sy misento noho ny toe-javatra misy antsika rehefa mivavaka isika. Tsy izany anefa no tanjon'ny vavaka. Ny vavaka dia natao

hanamafisana ny finoantsika. Izany no mahatonga anay hampirisika anao hitaky ny teny fikasan'Andriamanitra amin'ny fotoana ivavahanao. Esory ny masonao tsy hifantoka amin'ny tenanao sy ny fahalemenao fa mijere an'i Jesôsy. Rehefa mibanjina Azy isika dia ovana hitovy endrika Aminy.

Manao izao fampaherezana izao i Ellen White: "Ny teny fikasana rehetra ao amin'ny tenin'Andriamanitra dia natao ho antsika. Ao amin'ny vavaka ataonao, dia tonony ilay tenin'i Jehôvah izay nampanantenainy ary takio amim-pinoana ny teny fikasany. Ny teny nambarany no antoka fa raha mangataka amim-pinoana ianao dia handray ny fitahiana ara-panahy rehetra. Tohizo hatrany ny fangatahana dia hahazo be dia be mihoatra noho izay angatahinao na eritreretinao ianao"- In Heavenly Places, t. 71.

Amin'ny fomba ahoana no ahazoanao mitaky ny teny fikasany? Ohatra, rehefa mangataka fiadanana dia azonao atao ny mitaky ny Jao. 14:27 ka manao hoe: "Tompo ô! Nilaza taminay Ianao ao amin'ny teninao manao hoe: *'Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo'*. Koa omeo izany fiadanana nampanantenainao havela ho anay izany aho". Misaora ny Tompo fa manome anao fiadanana Izy, na dia mbola tsy tsapanao avy hatrany aza izany.

**Fifadian-kanina**

Mampirisika anao izahay hanao ny fifadian-kanin'i Daniela mandritra ireo folo andro ireo. Ny fanombohana ny taona amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fifadian-kanina dia fomba mahagaga hanokanana ny fiainantsika ho an'Andriamanitra amin'ity taona mitsidika ity. Izao no nambaran'i Ellen White: "Ankehitriny sy amin'ny fotoana manaraka mandrapahatapitra ny fotoana, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho hentitra kokoa, hifoha kokoa, tsy miankina amin'ny fahendren'ny tenany fa amin'ny fahendren'ny Tompontsika. Tokony hanokana fotoana hifadiana hanina sy hivavahana izy ireo. Tsy voatery hifady sakafo tanteraka izy ireo, fa tokony hihinana kely kosa amin'ny sakafo faran'izay tsotra indrindra"- Counsels on Diet and Foods, tt. 188, 189.

Fantatsika ny momba an'i Daniela, izay nihinana voankazo sy legioma nandritra ny folo andro. Mampirisika anao koa izahay mba hanaraka fomba fisakafo tena tsotra mandritra ireo folo andro ireo. Raha te hanana saina mazava kokoa amin'ny fihainoana ny feon'Andriamanitra isika, ary raha te hanakaiky Azy kokoa, dia ilaintsika ho azo antoka fa tsy hanelingelina na hanakana antsika amin'izany ny sakafo hanintsika.

Ny fifadian-kanina dia tsy resaka tsy fihinanana sakafo fotsiny. Mampirisika anareo koa izahay mba hifady fahitalavitra, sarimihetsika, kilalao samihafa, eny fa na dia ny Facebook sy ny YouTube aza. Indraindray ny zavatra izay tsy dia hoe ratsy amin'ny mahaizy azy dia mandany fotoana betsaka. Aoka hajanona izay zavatra rehetra azo ajanona mba hahazoantsika manokana fotoana bebe kokoa ho an'Andriamanitra.

Ny fifadian-kanina dia tsy fomba haingana hahazoana fahagagana avy amin' Andriamanitra tsy akory. Ny fifadian-kanina dia fanetrena ny tenantsika mba hahazoan'Andriamanitra miasa ao amintsika sy amin'ny alalantsika. Andeha hanatona Azy bebe kokoa amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fifadian-kanina dia hanatona antsika Izy.

**Ny Fanahy Masina**

Aoka ho azo antoka fa manao vavaka fangatahana ny Fanahy Masina mba haneho aminareo izay zavatra hangatahina ho an'ny fiainan'ny olona iray na ny toe-javatra iray manokana andalovany ianareo. Milaza amintsika ny Baiboly fa tsy fantatsika akory izay angatahintsika fa ny Fanahy Masina no mifona ho antsika.

"*Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin'ny anaran'i Kristy isika, fa amin'ny fibitsihan'ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikan'izay voalaza hoe: 'Ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina'- Rôm. 8:26. Mahafaly an'Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin'ny anaran'i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika dia ao amin'io hery io indrindra no misy antoka avy amin'Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika Izy, 'mihoatra lavitra noho izay angatahintsika na heverintsika.' - Efes. 3:20* – HF, t. 120.

**Finoana**

Hitantsika ao amin'ny Fanahin'ny Faminaniana fa "*ny fivavahana sy ny finoana dia hanome hery hahavita ho an'izay malemy sy tsy manan-kery*"- TMF, t. 431. Lazaina amintsika koa fa "*Azontsika angatahina (...) na inona na inona fanomezana efa nampanantenainy; avy eo dia tokony hino isika fa efa mandray ka manolotra fisaorana an'Andriamanitra satria efa nahazo*."- FK, t. 293. Koa aoka hatao fahazarana ny misaotra an'Andriamanitra mialoha amin'ny alalan'ny finoana ny amin'izay hataony sy ny fomba hamaliany ny fivavahantsika.

**Mivavaha ho an'ny hafa**

Mandritra ireo folo andro ireo dia mampirisika anao izahay mba hivavaka tsy tapaka ho an'ny olona napetrak'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao. Mifidiana olona dimy hatramin'ny fito – mety ho havana izy ireo, namana, mpiara-miasa na mpiara-mianatra, mpifanolo-bodirindrina na olom-pantatra tsotra fotsiny. Manokàna fotoana hanontaniana an'Andriamanitra ny amin'ny olona tiany hoentinao am-bavaka. Mangataha Aminy mba hitondranao enta-mavesatra tokoa ho an'ireo olona ireo. Soraty amin'ny taratasy kely ny anaran'izy ireo ary tehirizo amin'ny toerana manokana, toy ny hoe ao anaty Baiboly. Ho gaga ianao ny amin'ny fomba fiasan'Andriamanitra hamaliana ny vavakao!

**Fanamby ho an'ny Asa fitoriana mandritra ny Folo Androm-bavaka**

I Jesôsy dia tsy miantso antsika mba hivavaka fotsiny fa hanompo ihany koa eo amin'izay ilain'ny olona manodidina antsika. "*Fa noana Aho dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho dia nampiantranoinareo; tsy nanan-kitafy Aho dia*

*notafianareo; narary Aho dia notsaboinareo; tao an-tranomaizina Aho dia novangianareo*" – Mat. 25:35,36.

Toy izao no hitantsika ao amin'ny boky Tanamasoandron'ny Fahasalamana: "*Tsy maintsy mivelona amin'ny fiainana roa sosona isika: dia ny fiainam-pisainana sy ny fiainan'ny asa, fiainan'ny fivavahana mangina sy fiainan'ny asa mafana*"- t. 433. Nandray fitiavana be dia be tamin'ny Mpamonjintsika isika, ary manana tombontsoa hizara izany fitiavana izany amin'ny namantsika, ny mpifanolo-bodirindrina amintsika, na ny vahiny mila fanampiana.

Angataho Andriamanitra hampahafantatra ny fomba hahazoanao sy ny fiangonanao manao asa fanompoana aorian'ny Folo Androm-bavaka. Rehefa miasa mandamina ny asa fanompoana ianao dia aoka tsy hampivilivily ny fisainana tsy hanatanterahana vavaka ny fanaovana izany fandaminana izany. "*Ny ezaka ataon'ny tena ho an'ny hafa dia tsy maintsy ialohavan'ny fivavahana mangina betsaka; fa mitaky fahendrena betsaka ny fahalalana ny siansan'ny famonjena fanahy. Alohan'ny ifandraisanao amin'ny hafa, miraisa amin'i Kristy. Eo amin'ny seza fiandrianan'ny fahasoavana any an-danitra no aoka handraisanao ny fanomanana ho amin'ny fanompoana ny olona*."- Vk, t. 218.

Ao amin'ny tahirin-kevitra amin'ny internety momba ny Folo Androm-bavaka dia ahitana hevitra maro momba ny asa fitoriana. Manasa anao i Jesôsy mba ho tanany sy tongony handeha ho any amin'izao tontolo izao hiasa ho an'izay mila fanampiana!

**Momba ny mpanoratra**

I Dwain N. Esmond, mpianatra haka ny mari-pahaizana Ph. D., dia mpanoratra sy tonian-dahatsoratra ary pasitora voahosotra. Maherin'ny 28 taona izay no namalin'ny Pasitora Esmond ny antson'Andriamanitra ho amin'ny fanompoana. Nanompo amin'ny maha-filoha lefitry ny famoahan-dahatsoratra ho an'ny Review and Herald Publishing Association izy nialoha ny nidirany tao amin'ny Ellen G. White Estate tamin'ny taona 2015 amin'ny maha-tale/tonian-dahatsoratra lefitra azy. Famoaham-boky marobe no efa niandraiketany, anisan'izany ny maha-tonian-dahatsoratry ny gazetiboky ho an'ny tanora "Insight Magazine" azy nandritra ny 11 taona. Nanoratra ny Fiambenana maraina ho an'ny lehibe miisa telo izay be mpanjifa indrindra ingahy Dwain, ary mihoatra ny 350 ny boky efa navoakany. Ankehitriny izy dia manara-maso ny fanomanana sy ny famoahana ny lahatsoratry ny White-Estate, toy ny "The gift of the prophecy in Scripture and History", lahatsoratra akademika mikasika ny asan'ny Fanahy Masina eo amin'ny faminaniana; ny Fiambenana maraina tamin'ny 2021: "Jesus: Name above all names"; ary ny farany indrindra dia ny fanangonana ireo lahatsoratra mandrafitra ny "The Three angels'messages" (2022). Miara-miasa aminy eo amin'ny fanompoana ny vadiny, Kemba, sy ny zanany lahy Dwain Jr.

# 10 ANDROM-BAVAKA

## ALIM-BAVAKA

Hevero ny hanaovana fiaraha-mivavaka mandritra ny alina ho toy ny ampahany amin'ny Folo Androm-bavaka. Ohatra, afaka manomboka amin'ny 6 ora hariva ianao ary mamarana amin'ny 6 ora maraina. Mifidiana fandaharam-potoana izay mety amin'ny vondrona misy anao.

**Nahoana no nasiana ny alim-bavaka?**

Tsy misy maha-"masina" manokana ny miari-tory sy mivavaka mandritra ny alina. Na izany aza, ny alina no mety ho hany fotoana tsy maha-sahirana na mampirotoroto ny olona. Mino izahay fa ny tanjonao dia tsy ny hiari-tory fotsiny mandritra ny alina tontolo tsy akory fa ny hivavaka maharitra araka izay ilaina ary mandra-pahavitan'ny fitondranao amim-bavaka izay rehetra tsapanao fa tian'Andriamanitra entinao amim-bavaka.

Manoso-kevitra izahay mba ho olona maromaro no mitarika mandritra ny alina. Aoka ho azo antoka fa misy fialana sasatra kely. Amin'ny maha-mpitarika anao dia azonao fantarina ny rivo-piainana ary tsapanao raha ilaina ny fiatoana kely sy rehefa mila miroso amin'ny fizaram-bavaka manaraka. Azonao atao koa ny mampiditra famakiana andalan-tSoratra Masina ao anatin'ny fotoam-bavaka. Azonao atao ny mitondra ireo lohahevitra rehetra araka ny soso-kevitra omena na ny sasany amin'izy ireo ihany, miankina amin'izay mety indrindra amin'ny vondrona misy anao. Aza misalasala manova ny filaharany.

**Ny mety ho endriky ny alim-bavaka**

**Manomboha amin'ny fotoam-piderana**. Miderà an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka ary koa amin'ny hira.

**Manokàna fotoana ho an'ny fiaiken-keloka**, mba ho azo antoka fa tsy misy zavatra manakana an'Andriamanitra tsy hihaino anao. Omeo fotoana ny olona hanaovana fiaiken-keloka manokana ary aoka hisy fotoana hanaovana fiaiken-keloka iombonana. Ampirisiho ny olona hiaiky mangina ireo helony manokana ary hiaiky ampahibemaso kosa ireo heloka fanta-bahoaka ihany. Ao amin'ny Dan. 9:1-19 dia hitantsika ny momba an'i Daniela izay nanelanelana sy niaiky ampahibemaso ny fahotan'ny olon'Andriamanitra.

**Mivavaha ho an'izay ilain'ireo olona ao amin'ny fivoriam-bavaka**. Maro ny olona maratra am-po na mila vavaka, na mahafantatra olon-kafa izay tena mila vavaka tokoa. Manaova faribolana, asio seza eo afovoany ary iangavio ireo izay manana antom-bavaka manokana hanatona tsirairay ary hilaza ny fangatahan'izy ireo. Rehefa izany dia hodidino ilay olona ary miangavia olona roa na telo hivavaka ho an'izay ilain'io olona io manokana sy hitaky ny teny fikasan'Andriamanitra.

**Zarao ho antoko roa ny vondrona**. Aoka ny vehivavy hivavaka ao amin'ny efitrano iray (miaraka amin'ny vehivavy mpitarika iray) ary ny lehilahy ao amin'ny efitrano hafa (miaraka amin'ny lehilahy mpitarika iray). Maro ireo antom-bavaka manokana izay tsy azo zaraina ary tsy tokony hozaraina amin'ny rehetra. Mora kokoa ny mizara izany amin'ireo mitovy fananahana aminao.

Rehefa miverina miaraka indray, dia **mivavaha ho an'izay ilain'ny fiarahamonina sy ny fiangonana misy anareo**. Manokàna fotoana ihany koa ho an'ny **antom-bavaky ny fiangonana maneran-tany** (voatanisa amin'ny pejy manokana ao amin'ny tahiry momba ny Folo Androm-bavaka). Aza mahatsiaro ho voatery hihazakazaka hanao ny lisitra manontolo. Azonareo atao ny mizara ho vondrona kely maromaro ka ny vondrona tsirairay dia hivavaka ho an'ny ampahany amin'ilay lisitra.

**Mivavaha ho an'ireo olona dimy ka hatramin'ny fito** izay efa nentinao am-bavaka nandritra izay folo andro izay.

**Mifidiana andalan-tSoratra Masina iray ary ento amim-bavaka izany**.

**Farano ny fotoam-bavaka amin'ny fiderana sy fisaorana.**

**FANAMBY HO AN'NY ASA FITORIANA MANDRITRA NY FOLO ANDROM-BAVAKA**

Tsy miantso antsika mba hivavaka fotsiny i Jesôsy fa hanompo koa eo amin'izay ilain'ny olona manodidina antsika ara-panahy sy ara-nofo. "*Fa noana Aho dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho dia nampiantranoinareo; tsy nanan-kitafy Aho dia notafianareo; narary Aho dia notsaboinareo; tao an-tranomaizina Aho dia novangianareo*" – Mat. 25:35, 36.

Toy izao no vakintsika ao amin'ny boky Tanamasoandron'ny Fahasalamana: "*Tsy maintsy mivelona amin'ny fiainana roa sosona isika: dia ny fiainam-pisainana sy ny fiainan'ny asa, fiainan'ny fivavahana mangina sy fiainan'ny asa mafana*" (t. 433). Nandray fitiavana be dia be tamin'ny Mpamonjintsika isika, ary manana tombon-tsoa hizara izany fitiavana izany amin'ny namantsika, ny mpifanolo-bodirindrina amintsika, na ny vahiny mila fanampiana.

Angataho Andriamanitra hampahafantatra ny fomba hahazoanao sy ny fiangonanao manao asa fanompoana aorian'ny Folo Androm-bavaka. Rehefa miasa mandamina izay hanaovana ny asa fanompoana ianao dia aoka tsy hampivily ny sainao tsy hifantoka amin'ny vavaka ny fanaovana izany fandaminana izany. *"Ny ezaka ataon'ny tena ho an'ny hafa dia tsy maintsy ialohavan'ny fivavahana mangina betsaka; fa mitaky fahendrena betsaka ny fahalalana ny siansan'ny famonjena fanahy. Alohan'ny ifandraisanao amin'ny hafa, miraisa amin'i Kristy. Eo amin'ny seza fiandrianan'ny fahasoavana any an-danitra no aoka handraisanao ny fanomanana ho amin'ny fanompoana ny olona."* - Vk, t. 218.

Ireto misy fomba vitsivitsy azo anampiana ny hafa. Safidio izay mifanaraka amin'ny ilain'ny fiarahamonina misy anao ary aza misalasala manampy ny hevitrao manokana.

- Mahandroa sakafo ho an'ny olona iray marary.
- Manasà mpifanolo-bodirindrina iray (izay afaka miara-miasa aminao) ho amin'ny fivoriana ara-tsôsialy.
- Manomeza sakafo ho an'ny olona iray tsy manan-kialofana.
- Manomeza fitafiana, dia izay irinao homena anao koa.
- "Mikarakarà" olona antitra iray. Tsidiho matetika ilay olona ary ampio izy amin'ny raharaha ao an-tranony, ny fiantsenana, ny fahandroana ny sakafony na ny fikarakarana ny zaridainany.
- Manaova mofo ary zarao amin'ny mpifanolo-bodirindrina aminao izany.
- Manampia amin'ny famolavolana ny tetikasan'ny fiarahamonina.
- Manolora tena hiandry marary na olona manana fahasembanana mba hahafahan'ny mpikarakara azy manao raharaha hafa.
- Mandraisa anjara amin'ny tetikasa atao eo amin'ny manodidina.
- Ampahafantaro amin'ny mpifanolo-bodirindrina aminao vaovao ny tenanao, ka mitondrà sakafo ho azy ireo. Ataovy izay hahatsapan'izy ireo fa raisina tsara eo amin'ny fiarahamonina izy.
- Mividiana sakafo ary atero ho an'ny fianakaviana sahirana iray izany.
- Omeo olon-kafa ny solomaso izay tsy ampiasainao intsony.
- Manaova fanasana ho amin'ny fianarana Baiboly.
- Mitsidiha olona any amin'ny trano fitaizana beantitra.
- Manomeza "volan-tsakafo" ho an'ny mpianatra anankiray.
- Manangòna fitafiana ho an'ny sahirana. Azonao atao fanombohana ny manisy lalimoara ao am-piangonanao hanangonana fitafiana hozaraina amin'ny hafa.
- Omeo olona ny solosainanao tranainy na fitaovana elektrônika hafa.
- Omeo olona ny fiaranao tranainy tsy ampiasainao intsony.
- Manaova "Expo Santé".

- Mandefasa karatra misy teny fampaherezana ho an'ny olona tsy afaka mivoaka ny trano.
- Manaova drafitra ho fanatanterahana asa fitoriana amin'ny alalan'ny kaoferansa.
- Antsoy an-tariby ny mpifanolo-bodirindrina aminao ary anontanio hoe manao ahoana ny fahasalamany.
- Omeo boky izay heverinao fa ho tiany ny olona iray.
- Mizarà trakta "GLOW" (azo jerena ao amin'ny: http://www.glowonline.org/).
- Manasà olona mba hanaiky an'i Jesôsy.
- Manaova fampianarana momba fahandroan-tsakafo.
- Mizarà boky momba ny lohahevitra ara-Baiboly.
- Itondrao sakafo ny olona iray izay namoy havan-tiana.
- Mitsidiha olona any amin'ny hôpitaly mba hampaherezana na hanampiana azy araka izay azo atao.
- Mamakia teny ho an'ny olona efa antitra.
- Mitsidiha akany fitaizana ankizy madinika ary mitondrà fanampiana ho an'ny mpiasa ao.
- Manangàna tarika manao zaitra / bà / 'crochet', mba hanaovana akanjo hozaraina.
- Mamakia Baiboly ho an'ny olona tsy mahita na tsy mahay mamaky teny.
- Manaova fandaminana hisian'ny takariva ho an'ny tanora eo amin'ny toerana misy anao.
- Milatsaha an-tsitrapo hanao asa any amin'irony toeram-pialofana ho an'ny olona iharan'ny herisetra irony.
- Manomeza boky ho an'ny akany fitaizana ankizy madinika na toeram-pialofana.
- Ento hitsidika akany fitaizana beantitra ny ankizy ao amin'ny fiangonanao. Manaova fandaharam-potoana ho azy ireo.
- Asao ho tonga eo amin'ny toerana misy anao ny ankizy mila fanampiana manokana sy ny fianakaviany, ka manaova fandaharam-potoana hifalian'izy ireo.
- Manokàna andro hanaovana fanadiovana eo amin'ny fiarahamonina.

- Manangàna klioba mampandroso ny fiainana ara-pahasalamana ao amin'ny fiangonana misy anao, ary asao ny namana sy ny mpiara-monina.
- Manasà olona raha tiany ny hiara-hijery aminao DVD misy hafatra ara-panahy. Eo am-pijerenareo izany dia mivavaha mba hiteny ao am-pon'ilay olona ny Fanahy Masina.
- Volavolao ny tetikasanao manokana.

Raha mila fanazavana fanampiny ianao momba ny fijoroana ho vavolombelona dia tsidiho ny www.revivalandreformation.org/resources/witnessing.

**IREO TENY FIKASANA HOTAKINA AO AMIN'NY VAVAKA**

**Teny fikasana hanomezana ny Fanahy Masina**

*"Mangataha ranonorana amin'i Jehovah ianareo amin'ny andro fara-orana, dia amin'i Jehovah Izay nanao ny helatra; ranonorana mivatravatra no homeny azy, eny samy homeny ny zava-maitso any an-tsaha ireny."* - Zak. 10:1.

*"Koa raha hianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo Izay any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy!"* - Lio. 11:13.

*"Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo (...) Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana."* – Jao. 14:26; 16:8.

"*Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray. Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra Amiko amin'ny anarako hianareo dia hataoko izany.*" – Jao. 14:12-14.

"*Dia namaly izy ka nanao tamiko hoe: Izao no tenin'i Jehovah amin'i Zerobabela: 'Tsy aminkery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah Tompon'ny maro'.*" - Zak. 4:6.

**Teny fikasana fa hamaly vavaka Andriamanitra**

"*Raha miray Amiko hianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona fa ho tonga aminareo izany.*" – Jao. 15:7.

"*Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindram-po sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory*." - Heb. 4:16.

"*Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany.*" – Mar. 11:24.

"*Antsoy aho amin'ny andro fahoriana; dia hamonjy anao Aho, ka hanome voninahitra Ahy hianao."* - Sal. 50:15.

"*Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any andanitra izany.*" - Mat. 18:19.

"*Ary na inona na inona angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo*." - Mat. 21:22.

"*Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amiko amin'ny anarako hianareo dia hataoko izany.*" – Jao. 14:13,14.

"*Ary amin'izany andro izany dia tsy hanontany Ahy na inona na inona hianareo; lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa na inona na inona hangatahinareo amin'ny Ray dia homeny anareo amin'ny anarako izany. Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako hianareo; mangataha dia hahazo hianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo*." – Jao. 16:23,24.

"*Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika dia mihaino antsika Izy. Ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika Aminy.*" - 1 Jao. 5:14,15.

**Teny fikasana ho fanehoana ny herin'Andriamanitra**

"*Fa misy zavatra mahagaga izay tsy hain'i Jehovah va? Amin'ny fotoan'andro raha avy ny taona toy izao dia hiverina aminao Aho, ary Saraha hanana zazalahy."* - Gen. 18:14.

*"Jehovah hiady ho anareo, fa hianareo kosa hangina."* - Eks. 14:14.

"*Fa Jesosy nijery azy ka nanao hoe: Raha amin'ny olona dia zavatra tsy hainy izany, fa tsy mba tahaka izany amin'Andriamanitra; fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra.*" – Mar. 10:27.

*"Mahatoky Izay miantso anareo sady Izy ihany no hanefa izany."* - 1 Tes. 5:24.

*"Fantatro fa hainao avokoa ny zavatra rehetra ary tsy azo ferana ny fisainanao."* - Jôba 42:2.

"*Inona àry no holazaintsika ny amin'izany zavatra izany? Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika? Izay tsy niaro ny Zanany lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka Aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra?"* - Rôm. 8:31,32.

*"Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina. Moa efa nilaza va Izy fa tsy hefainy? Na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny?"* - Nom. 23:19.

*"Tsy fantatrao va? Tsy efa renao va? Fa Andriamanitra mandrakizay Jehovah, Izay namorona ny faran'ny tany? Tsy mba mety ho reraka na sasatra Izy. Tsy takatry ny saina ny fahalalany. Mampahatanjaka ny reraka Izy ary izay kely hery dia omeny hery be. Na dia ny tanora fanahy aza dia ho reraka sy ho sasatra, ary na dia ny zatovo aza dia mety ho tafintohina mafy fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa; elatra no hiakarany tahaka ny voromahery. Hihazakazaka izy nefa tsy ho sasatra, handeha izy nefa tsy ho reraka."* - Isa. 40:28-31.

**Teny fikasana ny amin'ny fitarihan'Andriamanitra**

"*Tsy efa nandidy anao va Aho? Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao*." - Jos. 1:9.

"*Ary, indro, Izaho momba anao ka hiaro anao amin'izay làlan-kalehanao rehetra ary hampody anao indray ho amin'ity tany ity; fa tsy handao anao Aho mandra-panaoko izay voalazako taminao*." - Gen. 28:15.

*"Indro, Izaho maniraka Anjely eo alohanao hiaro anao any an-dàlana sy hitondra anao ho any amin'ny fitoerana izay namboariko."* - Eks. 23:20.

*"Kanefa any hianao no hitady an'i Jehovah Andriamanitrao, ka hahita Azy raha mitady Azy amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra."* - Deo. 4:29.

*"Antsoy aho, dia hovaliako hianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao."* - Jer. 33:3.

"*Aoka hasandratra ny lohasaha rehetra, aoka haetry ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra; aoka ny be havoana ho tonga lembalemba ary ny tany saro-dàlana ho tonga lemaka; dia hiseho ny voninahitr'i Jehovah ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany; fa ny vavan'i Jehovah no efa niteny.*" – Isa. 40:4,5.

"*Hanome saina anao sy hampianatra anao izay làlan-kalehanao Aho; hitsinjo anao ny masoko ka hanolo-tsaina anao Aho*." - Sal. 32:8.

"*Ary Jehovah no mandeha eo alohanao ary Izy ho hiaraka aminao: tsy handao anao na hahafoy anao Izy; koa aza matahotra na mivadi-po hianao*." - Deo. 31:8.

"*Iza no lehilahy matahotra an'i Jehovah? Izy no hampianariny izay làlana tokony hofidiny*." - Sal. 25:12.

"*Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra fa Izy handamina ny làlanao*." - Ohab. 3:5,6.

"*Ary afoinao ho an'ny noana izay hanina tianao, ka mahavoky ny ory hianao, dia hiposaka ao amin'ny maizina ny fahazavanao, ary ny haizim-pitonao ho tahaka ny mitataovovonana. Ary Jehovah hitari-dalana anao mandrakariva, sady hahavoky ny fanahinao ao amin'ny tany karankaina aza sy hampahatanjaka ny taolanao; dia ho tahaka ny saha vonton-drano hianao sy ho tahaka ny loharano miboiboika izay tsy mety ritra*." - Isa. 58:10,11.

"*Raha tsy mbola miantso aza izy dia hamaly Aho, ary raha mbola miteny izy dia hihaino Aho*." - Isa. 65:24.

**Teny fikasana ny amin'ny fiovam-po**

"*Ary homeko fo hahalalany Ahy ho Jehovah izy, dia ho oloko izy ary Izaho kosa ho Andriamaniny; fa hiverina Amiko amin'ny fony rehetra izy*." - Jer. 24:7.

"*Dia ho foran'i Jehovah Andriamanitrao ny fonao sy ny fon'ny taranakao hitiavanao an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra, mba ho velona hianao*." - Deo. 30:6.

"*Ary homeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin'ny nofonareo ny fo vato ka homeko fo vaovao hianareo*." - Ezek. 36:26.

"*Ary matoky indrindra aho fa Izay nanomboka asa tsara tao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin'ny andron'i Jesosy Kristy*." - Fil. 1:6.

"*Koa raha misy olona ao amin'i Kristy dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo efa tonga vaovao ireo."* - 2 Kôr. 5:17.

"*Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra*." - Gal. 2:20.

"*Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika. Mahatoky Izay miantso anareo sady Izy ihany no hanefa izany*." - 1 Tes. 5:23,24.

**Teny fikasana ny amin'ny famelan-keloka**

"*Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka mivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hanasitrana ny taniny*." - 2 Tant. 7:14.

"*Fa Hianao Tompo o! no tsara sy mamela heloka ary be famindrampo amin'izay rehetra miantso Anao*." - Sal. 86:5.

"*Ary raha mitsangana mivavaka hianareo ka misy olona anananareo alahelo dia mamelà ny helony mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo*." - Mar. 11:25.

"*Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy*." - Efes. 4:32.

"*Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra*." - 1 Jao. 1:9.

"*Avia àry hifandahatra isika, hoy Jehovah: na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo dia ho fotsy tahaka ny orampanala; na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza dia ho tahaka ny volon'ondry fotsy*." - Isa. 1:18.

"*Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin'ny tenako; ary tsy hotsarovako ny fahotanao*." - Isa. 43:25.

"*Fa havelako ny helony, ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany*." - Jer. 31:34.

"*Izy no ananantsika fanavotana amin'ny rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika araka ny haren'ny fahasoavany*." - Efes. 1:7.

**Teny fikasana fa ho resy ny fahotana**

"*Fa izay naterak'Andriamanitra no maharesy izao tontolo izao, ary ny fandresena enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika*." - 1 Jao. 5:4.

"*Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'Ilay tia antsika*." - Rôm. 8:37.

"*Fa isaorana anie Andriamanitra Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika*." - 1 Kôr. 15:57.

"*Aza matahotra hianao fa momba anao Aho; ary aza miherikerika foana fa Izaho no Andriamanitrao. Mampahery anao Aho sady mamonjy anao; eny mitantana anao amin'ny tànana ankavanan'ny fahamarinako Aho*." - Isa. 41:10.

"*Ary ho fanampin'izany rehetra izany dia tano ny finoana ho ampinga izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipika mirehitra rehetra izay alefan'ilay ratsy*." - Efes. 6:16.

"*Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra*." - Gal. 2:20.

"*Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony*." - Fil. 2:13.

*"Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo hianareo."* – Gal. 5:16.

"*Fa Andriamanitry ny fiadanana hanorotoro an'i Satana faingana eo ambanin'ny tongotrareo*." - Rôm. 16:20.

*"Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina."* - Rôm. 12:2.

"*Aza tia izao tontolo izao na izay zavatra eo amin'izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray*." - 1 Jao. 2:15.

**Teny fikasana ny amin'ny fahasitranana**

"*Raha hazoto hihaino ny feon'i Jehovah Andriamanitrao hianao ka hanao izay mahitsy eo imasony sy hihaino ny lalàny ary hitandrina ny didiny rehetra, dia tsy hisy hataoko aminao ireny aretina rehetra ireny izay nataoko tamin'ny Egyptiana; fa Izaho no Jehovah Izay manasitrana anao*." - Eks. 15:26.

"*Ho vy sy varahina ny hidinao, ary hifamatra amin'ny andronao ny fiadananao*." - Deo. 33:25.

"*Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko; ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra, izay mamela ny helokao rehetra, izay manasitrana ny aretinao rehetra, izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka, izay manarona famindrampo sy fiantrana anao, izay mahavoky soa ny vavanao; ny fahatanoranao mody indray toy ny an'ny voromahery*." - Sal. 103:2-5.

"*Natao tsinontsinona sy nolavin'ny olona Izy; lehilahy ory sady zatra ny fahoriana; ary tahaka izay tsy tian'ny olon-kojerena akory Izy; natao tsinontsinona Izy ka tsy mba nahoantsika. Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantsika; kanjo isika kosa nanao Azy ho nokapohina sy nasian'Andriamanitra ary nampahorina. Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika. Ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy, ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika*." - Isa. 53:3-5.

"*Jehovah o! Sitrano aho dia ho sitrana; vonjeo aho dia ho voavonjy. Fa Hianao no fideràko*." - Jer. 17:14.

"*Fa ho tanterahiko ny fanasitranana anao; eny, hositraniko ny faharatranao, hoy Jehovah, noho ny nanaovany anao hoe: Ilay noroahina sy hoe: Ziona tsy misy mpitady ity*." - Jer. 30:17.

"*Dia indro, hotanterahiko tokoa ny fanasitranana azy; eny, hositraniko izy, ary hasehoko aminy ny fiadanana sy ny fahamarinana*." - Jer. 33:6.

"*Ary hiposaka aminareo izay matahotra ny anarako ny Masoandron'ny fahamarinana, manana ny fanasitranana ao amin'ny tànany; ary hivoaka hianareo ka hifalihavanja toy ny zanak'omby mifahy.*" - Mal. 3:20.

"*Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon'ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy; ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary; fa ny Tompo hanangana azy, ary raha nanota izy dia havela ny helony*." - Jak. 5:14,15.

**Teny fikasana hanomezana hery hanaovana ny sitrapon'Andriamanitra**

"*Ary tsy ketraka izahay. Fa na dia mihalevona aza ny toetray ivelany dia havaozina isan'andro isan'andro kosa ny toetray anatiny. Fa ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakizay ho anay, raha tsy mijery ny hita izahay fa ny tsy hita. Fa ny hita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay*." - 2 Kôr. 4:16-18.

"*Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika raha tsy reraka isika*." - Gal. 6:9.

"*Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'Ilay mampahery ahy*." - Fil. 4:13.

"*Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony*." - Fil. 2:13.

"*Nefa hoy Izy tamiko: Ampy ho anao ny fahasoavako, fa ny heriko dia tanterahina ao amin'ny fahalemena. Koa mainka sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko*." - 2 Kôr. 12:9.

**Teny fikasana ny amin'ny maha-vavolombelon'Andriamanitra**

"*Aza matahotra na mangovitra hianareo; tsy efa nampandre anareo hatramin'ny fahiny va Aho ka nanambara taminareo? Eny, hianareo no vavolombeloko; misy Andriamanitra afa-tsy Izaho va? Tsia, tsy misy Vatolampy, tsy hitako izany*." - Isa. 44:8.

"*Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao; ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao*." - Isa. 60:1.

"*Fa izany rehetra izany dia avy amin'Andriamanitra Izay nampihavana antsika taminy amin'ny alalan'i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana*." - 2 Kôr. 5:18.

"*Fa hoy Jehovah tamiko: Aza manao hoe mbola zaza aho. Fa handeha amin'izay rehetra anirahako anao hianao; ary izay rehetra andidiako anao no hambaranao*." - Jer. 1:7.

"*Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany.*" - Asa. 1:8.

"*Fa hianareo kosa dia taranaka voafidy, fanjaka-mpisorona, firenena masina, olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'Ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga*." - 1 Pet. 2:9.

"*Fa manamasina an'i Kristy ho Tompo ao am-ponareo ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalemem-panahy sy ny fanajana*." - 1 Pet. 3:15.

# 10 ANDROM-BAVAKA

## SABATA FANKALAZANA

Aoka hatokana ny Sabata farany amin'ny Folo Androm-bavaka mba hankalazana ny fahatsaran'Andriamanitra sy ny heriny tsitoha. Tantarao, ahoana no nanandramanao ny herin'ny vavaka sy ny vaovao mahafalin'ny filazantsara mandrakizay tao anatin'izay folo andro lasa izay. Mifalia ny amin'izay efa nataon'Andriamanitra, sy izay ataony ankehitriny, ary izay mbola hataony amin'ny hoavy.

Tsy mitovy ny zavatra ilain'ny fiangonana tsirairay avy, koa aoka hiara-miasa amin'ny mpitondra eo an-toerana mba hamolavola drafitra manokana ho an'ny fiangonanao. Ireto misy zavatra azo ampidirina ao amin'ny fotoam-pivavahana Sabata farany hataonareo.

**Lohahevitra**:

Miverina amin'ny alitara – Manamboatra fitoerana ho an'Andriamanitra

**Andininy fototra**:

"*Fa avy ny andro sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany.*" – Jao. 4:23.

**Hira azo atao:**

Izay mifanaraka amin'ny lohahevitra

**Hevitra ho an'ny toriteny**:

Aoka hisy pasitora, loholona, na mpitarika fotoam-bavaka hanao toriteny fohy momba ny antso ataon'ireo anjely telo amintsika ho amin'ny fivavahana sy ny fifohazana amin'izao andro farany izao.

**[NA]**
Asao ny mpanatrika ny Folo Androm-bavaka hifandimby hanao famintinana ny torolalana tsirairay nandritra ilay folo androm-bavaka, mandritra ny 1 na 2 minitra. Zarao ny lohateny sy ny andininy fototra ary ny hevi-dehibe iray. (Omany mialoha mba ho voafetra ao anatin'ny 1 hatramin'ny 2 minitra ny famintinana. Ho an'ny ankamaroan'ny olona, ny iray minitra dia ahazoana manonona teny miisa 125-150 eo ho eo.)

**[NA]**
Mangataha tanora telo hanazava ao anatin'ny 5 minitra mikasika ny fomba fanaovan'izy ireo manokana ny fotoam-bavany. Ankoatra izany, mangataha ankohonana iray na roa mba hizara ny heviny mikasika ny fomba hanamorana ny fanatontosana ny fiaraha-

mivavaky ny mpianakavy. Afaka manampy amin'ny lafiny hira sy mozika koa ny tanora na manao fijoroana ho vavolombelona.

Farano amin'ny antso miantefa amin'ny mpihaino mba hanaovany ny fotoam-bavaka isam-batan'olona sy ny an'ny mpianakavy ho laharam-pahamehana.

**Hevitra hafa momba ny prôgrama**:

Fijoroana ho vavolombelona ataon'ny mambra momba ny valim-bavaka.

Fotoam-bavaka ho an'ny isan-tarika.

Filazana ny amin'ny fotoam-bavaka na asa fanompoana hatao amin'ny manaraka.

Tantara ho an'ny ankizy mikasika ny vavaka sy ny fotoam-bavaka isan'andro.

Feon-kira manokana voafantina.

**ANTOM-BAVAKY NY FIANGONANA MANERAN-TANY**

- Tompo ô, aoka hanenika ny fiangonanao amin'ny andro farany ny fifohazana mahery vaika amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra nisy tamin'ny fiangonana voalohany. Aoka izahay hijoro amin'ny fahamarinana na dia hikoro aza ny lanitra.
- Mivavaka izahay mba hisian'ny fahafahana ara-pivavahana sy ny fahafahana manaraka ny feon'ny fieritreretana manerana izao tontolo izao. Andriamanitra ô, meteza hanokatra varavarana hahafahana mitory ny teninao.
- Andriamanitra ô, ampio ny fiangonanao maneran-tany hanaiky ny antso ho amin'ny fitoriana ny hafatry ny anjely telo any amin'ny firenen-drehetra sy ny fiteny rehetra. Asehoy anay ny fomba hampiorenana ireny fampianarana ireny eo amin'ny fitiavana sy ny fahamarinan'i Kristy.
- Jehôvah ô, ampio ny Advantista rehetra eran'izao tontolo izao hanao hoe: "Handeha aho" ary hanoina ny antsonao ka hanompo Anao sy hitory ny vaovao mahafalin'ny famonjena.
- Mangataka ny fahendrenao izahay mba handalinanay sy hahatakaranay ary hanarahanay ny Baiboly masin'Andriamanitra. Ampianaro izahay mba hizara ny teny fahamarinana ary hizara izany amin'ny hafa amim-pahatokiana.
- Andriamanitra ô, meteza hanavao ny fitiavanay ny torolalan'ny lanitra izay hita ao amin'ny asasoratra avy tamin'ny tsindrimandry nomenao an'i Ellen White.
- Mivavaka izahay ho an'ny fara-oran'ny Fanahy Masina mba hanafy hery ny fijoroanay ho vavolombelona ka ho vitanay ny asa izay nasainao ataonay mialoha ny hiavian'i Kristy fanindroany.

- Tompo ô, mangataka ny fanasitrananao sy ny famindramponao izahay ho amin'ireo faritra izay betsaka olona mararin'ny COVID-19.
- Mivavaka izahay mba hananan'ireo mpisehatra amin'ny asa fitsaboana, ireo mpanao fikarohana ara-tsiansa, ireo mpitondra firenena ary ireo mpiasan'ny fahasalamambahoaka fahendrena eo anatrehan'ireo fanapahan-kevitra maro tsy maintsy raisin'izy ireo.
- Mivavaka izahay mba hitondran'ny Advantista maneran-tany fanampiana sy fampaherezana ho an'ireo mijaly. Omeo azy ireo ny herim-po sy ny saina mikarokaroka ary ny toe-tsaina tsy misy fitiavan-tena amin'ny fotoana ilan'ny mpiara-monina aminy azy ireo indrindra.
- Mivavaka izahay ho an'ireo tratry ny fahasahiranana ara-bola vokatry ny fahaverezana asa sy ny fihibohana.
- Tompo ô, asehoy ny mambran'ny fiangonana ny fomba hanampiana ireo izay mitolona amin'ny olana eo amin'ny fahasalamana ara-tsaina na ny fitokana-monina.
- Mivavaka ho an'ireo pasitora sy ny fiangonana izahay mba hahita fomba hihazonana ny fifandraisan'ny mambran'ny fiangonana mandritra ny fihibohana. Tompo ô, ampiraiso ao amin'ny fiankohofana sy ny fanompoana ny fiangonanao.
- Mivavaka izahay mba hisian'ny fifohazana ara-panahy eo amin'ny tanora advantista mitandrina ny andro fahafito izay mianatra any amin'ireo sekoly ambony sy oniversite manerana an'izao tontolo izao. Aoka izy ireo ho ambasadaoron'i Kristy mafana fo.
- Mivavaka izahay ho an'ny 69 isan-jaton'ny mponina eto an-tany izay tsy mbola nahazo fanehoana mazava an'i Jesôsy.
- Mivavaka izahay ho an'ireo olona 62 tapitrisa ao amin'ireo tanàna 28 tsy mbola nidiran'ny hafatra ao amin'ny Firaisana Sôvietika teo aloha (Diviziona Eorô-Azia).
- Mivavaka izahay mba hanangonan'Andriamanitra misiônera be herim-po vonona hiasa amin'ireo vondron'olona 746 amin'ireo firenena miisa 20 ao Moyen Orient.
- Mivavaka izahay mba hisian'ny Advantista izay hanompo an'Andriamanitra amin'ny fitiavana ny hafa sy amin'ny fizarana ny hafatra amin'ny olona avy amin'ny kolontsaina sy fivavahana hafa.
- Andriamanitra ô, ampio izahay mba hitaiza mpianatra vaudois amin'izao andro môderina izao, izay vonona ny hanompo Anao any amin'ireo toerana sarotra iasana.
- Mivavaka izahay ho an'ireo mambra advantista izay miatrika fanenjehana sy fampidirana am-ponja noho ny finoan'izy ireo.

- Mivavaka izahay ho an'ny olona 202 tapitrisa ao amin'ireo tanàna miisa 41 tsy mbola nidiran'ny hafatra any amin'ny Diviziona Azia-Pasifika Atsimo mba hahalalany an'i Jesôsy.
- Mivavaka izahay ho an'ny Sampana Sekoly Sabata/Asa ataon'ny tena manokana any amin'ny fiangonana eo an-toerana raha mikatsaka ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fiaraha-monina misy azy izy ireo miaraka amin'ny fanompoana am-pitiavana, fampianarana Baiboly ary fijoroana ho vavolombelona ataon'ny tena samirery.
- Mivavaka izahay ho an'ny ADRA noho ny fiatrehana ireo zavatra ilain'ny olona manerana izao tontolo izao.
- Mivavaka izahay ho an'ireo olona 16 tapitrisa ao amin'ireo tanàna 6 tsy mbola nidiran'ny hafatra any amin'ny Diviziona Pasifika Atsimo.
- Mangataka izahay mba hahazoan'ny Sampana "Aumonerie" hanentana mpitondra fivavahana sy mambra liana hanompo any amin'ny fonja.
- Tompo ô! Mivavaka izahay ho an'ireo mpampianatra Sekoly Sabata. Miangavy izahay ny mba hanampianao azy ireo hahatsapa ny maha-zava-dehibe ny asan'izy ireo ho an'ny ankizy.
- Tompo ô! Mangataka ny fitarihanao izahay ho an'ireo Ivon-toerana fanentanana sy prôgrama momba ny fahasalamana sy ny fianakaviana ary ny fikambanana Mpisavalalana eran'izao tontolo izao.
- Mivavaka izahay mba hanampianao anay hahay hitia sy hikolokolo ary hampianatra ny mambra vaovao sy ireo vahiny ao am-piangonana.
- Tompo ô! Asehoy anay ny fomba hampielezana pejy voasoratra bebe kokoa momba ny fahamarinana (vita printy sy elektrônika) eo amin'ny fiarahamonina misy anay. Mivavaka izahay mba hamakian'ny olona azy ireny ka mba handresy lahatra azy ireo ny amin'ny fahamarinan'ny Baiboly anie ny Fanahy Masina.
- Tompo ô! Mangataka ny fiarovanao izahay ho an'ireo misiônera miasa any amin'ny toerana mampidi-doza.
- Miangavy izahay mba hiantsoanao mpampiely boky, mpianatra mpilatsaka an-tsitrapo, mpanoratra, manam-pahaizana momba ny haino aman-jery ary mpanohana ara-bola, mba hampiely ireo tenim-panantenana sy fiainana.
- Mivavaka izahay ho an'ny sekoly advantista, mpianatra, ary mpampianatra maneran-tany. Enga anie ireny sekoly ireny mba hampianatra mandrakariva ny fahamarinan'ny Baiboly ary hitarika ny tanora ho amin'ny famitana iraka sy ho amin'ny asa fanompoana.

- Tompo ô, omeo anay ny fahendrena hanatrarana ireo kolontsaina tsy liana amin'ny fivavahana. Enga anie ny Fanahinao Masina handrodana ny manda manodidina ny fo tsy mino Anao.
- Tahio izahay rehefa manatona ireo olona andevozin'ny fivavahana amin'ny avelo sy ny fanompoan-tsampy. Ampio izahay mba hahatakatra ny fomba fijerin'izy ireo an'izao tontolo izao ary hampahafantatra azy ireo Ilay Mpamonjy ny tena manokana.
- Tompo ô! Miangavy izahay ny hampaherezanao ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito maneran-tany hivavaka tahaka izay tsy mbola nataony hatrizay. Ampianaro izahay hitaky ny teny fikasanao sy hanantena Anao hamindra tendrombohitra rehefa mivavaka izahay.
- Mivavaka izahay ho an'ireo vondron'olona 541 any amin'ireo firenena 18 any amin'ny Diviziona Faritra Atsimon'i Afrika – sy Ranomasimbe Indianina. Miangavy izahay mba hitarihana azy ireo ho amin'ny fahamarinan'ny Baiboly.
- Asehoy anay ny fomba hahazoana manampy ireo mpitsoa-ponenana amin'izay ilainy ara-panahy sy ara-nofo. Enga anie ny fiangonanay mba ho fantatra amin'ny fanehoam-pitiavana ny olona rehetra, tsy manavaka na iza izy ireo na avy aiza.
- Mangataka Aminao izahay mba hananganana misiônera an-tanàn-dehibe mba hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona 806 ao amin'ny firenena 20 ao amin'ny Diviziona Inter-Eorôpeanina.
- Miangavy izahay mba hananganananao andian-tafika mpiasa hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona 948 any amin'ny firenena 38 ao amin'ny Diviziona Inter-Amerikanina.
- Mba ampianaro anay raha sitrakao ny fomba tokony hitorianay ireo foto-pinoan'ny fiangonana amin'ny fomba mazava sy amim-pahaizana ary mifanaraka amin'ny fahamarinan'ny Baiboly. Aoka ny fitiavan'i Jesôsy no ho ivon'ny zavatra rehetra inoanay.
- Tompo ô! Enga anie hanomana tanora Ianao hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona 789 any amin'ny firenena 9 ao amin'ny Diviziona Amerika Avaratra.
- Mangataka Aminao izahay mba hanomana mpilatsaka an-tsitrapo hanao fanompoana any amin'ireo vondron'olona 70 any amin'ny sahan'asa any Isiraely.
- Mangataka Aminao izahay mba hananganana misiônera mpitsabo hanorina fiangonana eo anivon'ireo vondron'olona 830 any amin'ireo firenena 11 ao amin'ny Diviziona Afrika Afovoany Atsinanana.

- Mangataka Aminao izahay mba hananganana mpitolona am-bavaka hanelanelana ho an'ireo vondron'olona 2568 any amin'ny firenena 4 ao amin'ny Diviziona Azia Atsimo.

- Miangavy izahay mba hanehoan'ny fianakavianay ny fitiavanao ao an-tokantranonay sy eo amin'ny fiarahamonina misy anay. Mangataka Aminao izahay mba hampisy firindrana ao amin'ny ankohonana tsirairay, mba hanamboaranao ny fifandraisana tapaka, mba hiarovanao ireo izay mora iharan'ny fanararaotana, ary mba hanehoanao ny herinao manamasina ao anatin'ny toe-javatra toa tsy misy antenaina.

- Mangataka izahay mba hananganananao vondrona mpitsabo mpanampy sy dokotera izay hanorina fiangonana vaovao any amin'ireo vondron'olona 1978 ao anatin'ny firenena 22 ao amin'ny Diviziona Afrika Afovoany Andrefana.

- Mivavaka izahay ho an'ireo olona 49 tapitrisa any amin'ireo tanàn-dehibe 19 tsy mbola nidiran'ny hafatra ao amin'ny Diviziona Trans-Eorôpeanina.

- Mivavaka ho an'ny zanakay izahay. Miangavy izahay mba hanomezanao hery azy ireo hijoroany amin-kerim-po ho Anao rehefa tojo sakana sy fanerena. Ampio izy ireo mba hanao safidy hendry sy hijoro ho an'ny fahamarinana.

- Ampianaro izahay mba hanaraka ny ohatr'i Kristy, izay tsy misy fitiavan-tena, amin'ny alalan'ny fanampiana ireo olona akaiky anay amin'izay ilainy andavanandro. Ampio izahay ho vonona hanompo amin'ny maha-misiônera mpitsabo, mpilatsaka an-tsitrapo eo amin'ny fiarahamonina, ary namana ho an'ny sahirana.

- Mivavaka izahay ho an'ny mpitarika tanora maneran-tany izay mampita amim-pahatokiana ny lovanay amin'ny taranaka mandimby: dia ny maha-izy ao amin'i Kristy, ny iraka amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, ary ny fitantanana ny fiangonana eo an-toerana.

- Mivavaka izahay ho an'ireo tanora izay mety hidiran-doza ny fiainany noho ny fanompoany ny Tompo ao anatin'ny tetikasa Taona Iray Mamita Iraka ary ny Misiona Kaleba.

- Enga anie ny mambran'ny fiangonanay, ny pasitora ary ny mpitondra maneran-tany mba hivoky amin'ny Tenin'Andriamanitra isan'andro. Aoka koa izahay mba hitady Anao isan'andro amin'ny vavaka ataon'ny tenanay manokana. Ampahatsiahivo anay fa tsy mahefa na inona na inona izahay raha tsy misy Anao.

# 10 ANDROM-BAVAKA

Miverina amin'ny alitara – Mivavaka mba hanana fo mifandray amin' Andriamanitra indray

## ANDRO 1 - AIZA MOA IANAO?

"*Ary Jehovah Andriamanitra dia niantso an-dralehilahy ka nanao taminy hoe: Aiza moa hianao?*" - Gen. 3:9.

**Ilay fanontaniana manan-danja indrindra**

Moa ve misy fanontaniana manan-danja kokoa noho ilay fanontaniana napetrak' Andriamanitra tamin'i Adama, izay vao avy lavo? Mazava loatra fa fantatr'Andriamanitra tsara ny toerana nisy an'i Adama sy i Eva. Mahafantatra ny zavatra rehetra Izy - raha ny marina, ny tena fanontanian'Andriamanitra dia hoe: ry Adama, moa ve fantatrao ny toerana misy anao? Tsy nankatò an'Andriamanitra i Adama sy i Eva (Gen. 3:4), ary ny tsy fankatoavan'izy ireo dia niteraka fahasimbana, dia fahatapahan'ilay fifandraisana tonga lafatra teo amin'Andriamanitra sy ny zavaboary izay namarana ny asa famoronana. Babangoana ilay toerana fihaonan'Andriamanitra amin'izy ireo, tamin'io andro io. Tsy nitsiky tamin'ny Mpamorona azy ireto endrika voalohany noforonina. Tsy mba namihina Azy ireo sandry izay novolavolainy avy tamin'ny tanimanga. Tamin'io andro io dia hafahafa fa toa nihataka taminy ary mila tsy ho re akory ny fo izay niara-nitepo tamin'ny Azy.

**Tsy ampy**

Nilaza i Ellen White fa "*Niezaka i Satana mba hampino azy mivady tompon'ny saha Edena fa misy tombon-tsoa ny fandikana ny didin'Andriamanitra. Moa tsy hevitra toy izany va no mbola hita mandrak'ankehitriny?*"-PM, t. 37. Nanao fahadisoana i Adama sy i Eva rehefa nihaino ny devoly, izay nandresy lahatra azy ireo fa tsy ampy izay natolotr'Andriamanitra azy, tsy ampy ny fiombonana amin'Andriamanitra ao anatin'ny fifandraisana akaiky sy mahatoky. Tao anatin'ny indray mipi-maso, dia nanjary toy izao ny toetr'andro mampitony sy mahafinaritra tao Edena: "*tsaroan'izy mivady ho nangatsiaka fatratra; niala taminy ny fitafiana mamirapiratra. Tsy sahy niseho nitanjaka teo anatrehan'Andriamanitra sy ny anjely izy, ka nanamboatra fitafiana. Tsy izany ihany, fa ny fitiavana sy ny fiadanana izay anjara lovany hatramin'izao, dia nisolo alahelo noho ny fahatsiarovany ny ratsy nataony sy noho ny tahotry ny ho avy.*" (t. 39). Efa nanova ny toe-panahin'ireo hany zavaboary tao Edena izay nizaran'Andriamanitra ny endriny ny fahotana. Raha ny marina, dia nopotehiny (ny fahotana) ny endrik'Andriamanitra tao amin'izy ireo.

**Fotoana hivavahana**

Hatramin'ny naharavan'ny fifandraisan'i Adama sy i Eva tamin'Andriamanitra ka hatramin'izao fisaratsaraham-bazana hitantsika hatraiza hatraiza izao, dia angamba tsy misy zavatra hafa manan-danja kokoa tokony hitalahoantsika amim-bavaka noho ny fiverenana any amin'ny toerana izay iandrasan'Andriamanitra antsika. Mbola milaza i Satana fa manafin-javatra antsika Andriamanitra, tsy azontsika itokiana Izy, satria tsy ampy Izy. Izany hafatra izany dia tena manintona indrindra amin'izao vanim-potoan'ny tekôlôjia sy ny fitaovana nomerika izao, izay mampanantena karazana fisandratana ara-panahy, toe-piainana ambonimbony kokoa izay hahafahantsika mifehy ny ho anjarantsika, raha tokony hiankohoka amin'Ilay Andriamanitra Mpahary antsika isika. Izao no fotoana handavana ny laingan'i Satana sy hiverenana amin'Ilay hany tia antsika amin'ny fitiavana mandrakizay, hiverenana amin'Ilay hany mampaharitra ny famindrampony amintsika (Jer. 31:3).

Hiaraka hivavaka isika.

**Fotoam-bavaka(30-45 minitra)**

**Teny fikasana miezinezina**

"*Mahatalanjona tokoa ny fahafahantsika mivavaka sy mahazo valim-bavaka, ny fahafahantsika olona mety maty sy very manao fangatahana amin'Andriamanitra. Moa ve misy fahefana ambony irin'ny olona mihoatra noho izany-dia ny hifandray amin'ilay Andriamanitra tsy misy fetra? Manana tombontsoa hiresaka amin'ny Tompony ny olombelona mpanota sy marefo. Afaka manonona teny izay hahatratra ny seza fiandrianan'Ilay Mpanapaka izao tontolo rehetra izao isika. Azontsika atao ny miresaka amin'i Jesôsy raha eny am-pandehanana, ary hoy Izy amintsika:'Indro Aho eo ankavananao'*."-Vavaka, t. 13.

**Samy manana ny fomba iarahana mivavaka avokoa ny vondrom-bavaka rehetra. Mampirisika anao izahay mba handany ny 30-45 minitra manaraka hiarahana mivavaka, amin'izay fomba hitarihan'ny Fanahy Masina. Ireto ambany ireto ny ohatra vitsivitsy momba ny vavaka ao amin'ny Soratra Masina. Azonao atao ihany koa ny mivavaka amin'ny alalan'ny andalan-teny hafa. Jereo ny Taridalana ho an'ny Mpitarika mba hahitana hevitra hafa momba ny vavaka.**

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra – Jer. 24:7**

"*Ary homeko fo hahalalany Ahy ho Jehovah izy; dia ho oloko izy, ary Izaho kosa ho Andriamaniny; fa hiverina amiko amin'ny fony rehetra izy*."

**"Ho Andriamaniny Aho"**

Andriamanitra ô, misaotra ny amin'ny nahatongavanao hitady anay na dia efa nosimbainay aza ny fifandraisanay taminao. Misaotra Anao mitia anay amin'ny fitiavana izay maharitra mandrakizay sy mitarika anay hatrany hitoetra eo anilanao isan'andro

isan'andro. Misaotra Andriamanitra ô, noho io fitiavana izay mbola mitady ny mpanota io. Amena!

**"Amin'ny fony rehetra"**

Jesôsy malala ô, misaotra Anao noho ny teny fikasana ny amin'ny fanavaozana ny fo, dia fo mitady sy miandry an'Andriamanitra amin'ny fotoan'ny fahasahiranana sy ny fotoan'ny fahavokarana. Mangataka Aminao izahay mba hanatanteraka ny teny fikasanao momba ny fo vaovao miaraka amin'ny fitiavana vaovao ho Anao. Amena.

**"Ho oloko izy"**

Andriamanitra ô, mahatalanjona ny sainay loatra ny filazanao fa Anao izahay kanefa izahay efa nandao Anao. Misaotra anao manarona anay amin'ny fiainan'i Jesôsy Kristy tonga lafatra sy manome anay anarana vaovao (Apôk. 2:17). Amena.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**:

**Fisaorana sy fiderana:** Misaora noho ireo fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora na'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitariahana**: Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika**: Mivavaha ho an'ny filan'ny fiangonana eo an-toerana sy maneran-tany.

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina.

**Mihaino ary mamaly**: Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira:** (Misafidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra).

# 10 ANDROM-BAVAKA

## Miverina amin'ny alitara-Toerana fahatsiarovana

## ANDRO 2 - FANOKANANA SY FAHATSIAROVANA

"*Dia nanorina alitara teo izy ho an'i Jehovah Izay niseho taminy*" - Gen. 12:7.

**Fanokanana sy Fahatsiarovana**

Ao amin'ny Baiboly, ny alitara dia maneho fanokanana sy fahatsiarovana. Tandindon'ny fifandraisana manokana ananan'ny olona iray amin'Andriamanitra izany, fanehoana ny faneken'ny olona iray Ilay tena Andriamanitra velona sy ny fivavahany Aminy. Matetika ny alitara no natsangana ho fahatsiarovana ireo fihaonana tamin'Andriamanitra izay nisy akony lalina teo amin'ny fiainan'ny olona iray. Rehefa nanao zavatra tsy mbola fahita na tsy tatry ny saina voafetra na koa tena manokana Andriamanitra, dia tsy naniry ny hanadino izany ireo izay nisitraka ny asa lehibe nataony, koa dia nanangana alitara izy ireo, dia toeram-pahatsiarovana, teo amin'ny toerana izay efa nahitany izany.

Rehefa nilaza tamin'i Abrama Andriamanitra ao amin'ny Gen. 12:7 fa hanome ny tany Kanàna ho an'ny taranany, dia nanorina alitara i Abrama satria toe-javatra tsy fahitany io fihaonany tamin'Andriamanitra io. Tamin'io fotoana io dia nanome toky Andriamanitra fa hisandratra ho ambonin'ny zavatra rehetra mahazatra eo amin'ny fiainan'i Abrama ka hahatonga ny taranany ho firenena lehibe sy mahery. Ary raha nirenireny tany an-efitr'i Gerara Isaka ka niady tamin'ny mponina hahazo ny fantsakana, dia niseho taminy Andriamanitra ka nanao hoe: "Izaho no Andriamanitr'i Abrahama rainao; aza matahotra, fa momba anao Aho ka hitahy anao sy hahamaro ny taranakao noho ny an'i Abrahama mpanompoko" - Gen. 26:24. Notsarovan'i Isaka tamin'ny alalan'ny fanorenana alitara teo amin'io toerana io ilay fihaonana tamin'Andriamanitra satria "mihoatra noho ny fahitan'ny olombelona" izany. Noravan'Andriamanitra ny lamina mahazatra teo amin'ny fiainan'i Isaka mba hanamafisana fa ny fampanantenana nataony tamin'ny rain'Isaka dia efa an'i Isaka koa ankehitriny. Jakôba, zanak'i Isaka, dia nankany amin'ny toerana antsoina hoe Betela (Gen. 35:3) ary nanorina alitara ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra, izay niseho taminy nandritra ny fandosirana an'i Esao. Satria "tena niavaka" izany fihaonana tamin'Andriamanitra izany, dia nanorina alitara teo i Jakoba. Taitra sady faly i Gideona ilay feno tahotra teo rehefa niseho taminy tamin'ny fiadanana Andriamanitra ka niantso azy hitarika ny firenena ho amin'ny fandresena. Tohina loatra ny fon'i Gideona, ka nanorina alitara teo an-toerana izy ary niantso izany hoe "Jehovah no Fiadanana" (Mpits. 6:24), satria "nandry fahizay" ny fihaonany tamin'Andriamanitra!

**Aoka tsy hohadinoina na oviana na oviana**

Na dia maro aza no mihevitra ny asa lehibe nataon'Andriamanitra teo amin'ny fiainany ho toy ny toe-javatra kisendrasendra fotsiny, ny hafa kosa dia manaiky ny asan'Andriamanitra ary manao izay rehetra azony atao mba tsy hanadinoana na oviana na oviana ny zavatra nataony. Ary misy tombony fanampiny amin'ny ezaka ataon'izy ireo: ireo mpandeha mamakivaky ny fiainana ho avy dia ho voatahy amin'ny alalan'ny alitara naorin'ny mpino. Izao no nosoratan'i Ellen White, "Abrama, dia nametraka ohatra lehibe ho antsika. Fiainam-bavaka ny fiainany. Ary na taiza na taiza no nananganany ny lainy, dia teo koa no nanorenany alitara izay nanangonany ny ankohonany ho amin'ny fanatitra maraina sy hariva. Rehefa nandao ireny toerana ireny izy, dia mbola nitoetra teo ihany koa ny alitara. Taona maro taty aoriana, rehefa nandalo teny amin'ireny toerana ireny ireo Kananita mpitoetra an-day, izay efa nampianarin'i Abrama, ka nahita ireny alitara ireny sady nahafantatra fa teo no nitoby ilay patriarika, dia mba nitoby teo koa, ka nanamboatra ny alitara ary nivavaka tamin'Andriamanitra velona teo." - From Eternity Past, t. 76.

Inona ny fitahiana avy any an-danitra tianao hotsaroana amin'ny hoavy? Ary alitara inona no haorinao ho an'Andriamanitra anio?

Andeha isika hiresaka amin'Andriamanitsika.

**Fiaraha-mivavaka (30-45 Minitra)**

**Mivavaka araka ny tenin'Andriamanitra – Gen. 12:7**

"*Dia nanorina alitara teo izy ho an'i Jehovah Izay niseho taminy*."

**"Hanorina alitara izy"**

*Andriamanitra ô, amin'ity andro anio ity, dia tiako ny hahatsiaro izay nataonao tamin'ny fiainako, ny fomba nidiranao an-tsehatra rehefa nandeha tamin'ny lalan-diso aho, ny nanavotanao ahy. Te hahatsiaro sy hidera Anao aho noho ny fahasoavanao sy ny fitiavanao ahy. Tsaroako ny fahatsaranao ary ho setrin'izany, dia hanolotra ny fiainako ho Anao indray aho. Amena.*

**"Ho an'i Jehovah"**

*Jehovah Andriamanitra ô, Ianao dia Ianao irery no mendrika ny fiderana, ny fiankohofana ary ny fanoloran-tenanay. Tsy misy andriamanitra hafa tahaka Anao: be fitiavana, malemy fanahy, mahari-po, be famindram-po, mahery, ary vonona ny hanavotra sy hanampy. Mifantoka Aminao ny masonay Jehovah ô. Anao ny fonay, ho Anao irery ny fitsaohana sy ny fiderana ataonay, satria mendrika Anao izany! Amena.*

**“Izay niseho taminy”**

Ray ô, manodidina anay mandrakariva ny fanatrehanao - eny, akaiky kokoa noho izay heverinay izany. Nampahafantatra ny tenanao Ianao, na tamin’ny alalan’ny Baiboly, na ny Fanahin’ny Faminaniana, na ny toriteny, na ny vavaka, na ny olona hafa, ary misaotra Anao izahay tamin’ny fanehoanao ny tenanao. Faly izahay noho ny fanatrehanao eny rehetra eny amin’ny alalan’ny Fanahy Masinao, ary mangataka Anao izahay hitoetra aty anatinay mba hahatonga anay ho fanaka velona. Mankalazà ny tenanao amin’ny alalanay. Asehoy anay ny fomba hitiavana ny olona manodidina anay sy hitarihana azy ireo ho eo amin’ny fahamarinanao. Amena.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**:

**Fisaorana sy fiderana:** Misaora noho ireo fitahiana manokana ary miderà an’Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka:** Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an’ny tena manokana ary misaora na’Andriamanitra noho ny famelan-kelony.

**Fitarihana:** Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an’ireo fihaikana atrehina sy ireo fanapahan-kevitra horaisina ankehitriny.

**Ny fiangonantsika:** Mivavaha ho an’ny filan’ny fiangonana eo an-toerana sy manerantany.

**Antom-bavaka eo an-toerana:** Mivavaha ho an’ny zavatra ilain’ny mambran’ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina.

**Mihaino ary mamaly:** Manokàna fotoana hihainoana ny feon’Andriamanitra sy hamaliana izany amin’ny alalan’ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira:** (Mifidiana hira mifanaraka amin’ny lohahevitra).

# 10 ANDROM-BAVAKA

## Miverina amin'ny alitara-Ny firindran'ny fiainana

## ANDRO 3 - MARAINA SY HARIVA

"*Ny hitsangana isa-maraina hisaotra sy hidera an'i Jehovah, ary toy izany koa amin'ny hariva*." - 1 Tant. 23:30.

**Fiainana miaraka amin'Andriamanitra**

Raha vakina ny 1 Tant. 23 dia hita fa nibaiko ny Levita Andriamanitra, dia ireo nikarakara ny tempolin'ny Jiosy fahiny sy ny fanompoam-pivavahana, mba hitsangana eo amin'ny fanatrehany, hanandratra ny feony ho amin'ny fisaorana sy ny fiderana Azy maraina sy hariva. Io fampiharana io dia niandoha tamin'ny baiko iray hafa izay nomen'Andriamanitra an'i Mosesy rehefa nangataka ny Isiraelita Izy mba hanao "*fitoerana masina ho Ahy izy dia honina eo aminy Aho*" - Eks. 25:8. Nandidy koa Andriamanitra mba hanatitra "*zanak'ondry (...) nony maraina, ary ny zanak'ondry iray koa (...) nony hariva*" - Eks. 29:39.

**Fiainana eo anelanelany**

Ny fiainan'ireo Isiraelita dia tokony hizotra eo anelanelan'ny fanandramana ara-panahy fototra roa isan'andro. Tsy maintsy manomboka sy mamarana ny androny miaraka amin'Andriamanitra izy ireo. Tsy tokony hanao tsinontsinona ny fitiavany mamonjy izy ireo. Mila ny herin'Andriamanitra hiaro azy amin'ny amin'ny fitaka izy ireo raha hamakivaky ny efitra mankany amin'ny tany Kanàna. Tsy maintsy narovana tamin'ny fakam-panahy avy ao anatiny izy ireo - ny faniriana hampihatra ny soatoavina egiptianina sy ny fiainam-panahiny ary ny foto-pisainany izay azony tamin'ny fahababoana. Ny sorona maraina sy hariva no fomba nasehon'Andriamanitra ho môdely mba harahin'ny Isiraelita isam-batan'olona sy isam-pianakaviana, ka hananan'izy ireo fifandraisana tsara Aminy. Toy izao no namariparitan'i Ellen White izany fanandramana masina sy miezinezina izay tanterahina isan'andro izany:

*"Rehefa miditra marain-tsy hariva ao amin'ny efitra masina amin'ny fotoana fandoroana ditin-kazo manitra ireo mpisorona, dia indro mpisorona iray koa mitondra ny fanatitra isan'andro eo an-kianja. Saika mampihetsi-po ireo mpivavaka tafavory ao amin'ny Taberinakely lalandava ny zavatra hitany. Tsy maintsy mandinika ny fony sy miaiky ny helony anefa ny mpivory alohan'ny hidirany manatrika an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny mpisorona. Dia miara-manao vavaka mangina mitodika any amin'ny fitoerana masina izy rehetra. Dia toy izany no andraisany ho an'ny tenany amin'ny alalan'ny finoana ny fahamendrehan'Ilay Mpamonjy nampanantenaina, naseho tao amin'ny asam-panavotana ara-tandindona raha miakatra miaraka amin'ny setroky ny ditin-kazo manitra ny fivavahana nataony. Noho izany dia noheverina fa masina ireo ora voatendry ho an'ny fanatitra marain-tsy hariva, ka*

*manjary raikitra hotandreman'ny firenena Jiosy manontolo ho oran'ny fotoam-pivavahana isan-tokantrano. Taty aoriana, rehefa nivavaka tamin'Andriamanitry ny Isiraely ny Jiosy, dia nitodika nankany Jerosalema tamin'io ora io. Arakaraka izany fanao mahazatra izany no tokony halain'ny kristiana tahaka eo amin'ny fotoam-pivavahana marain-tsy hariva ataon'ny fianakaviana. Raha tahiny ka tsy nankasitrahan'Andriamanitra ny famerimberenana tsy voahevitra ny fitiavana hivavaka tsy arahim-panajana, dia jereny amim-pifaliana kosa ireo olona te-hiankohoka eo anatrehany marain-tsy hariva mba hangata-pamelana ny heloka vitany sy hitaky Aminy ny fitahiana ilainy."*-PM, tt. 357, 358.

Raha tsy mirindra ny fiainam-bavakao dia angataho Andriamanitra mba hanavao ny fanolorantenanao amin'ny fanompoam-pivavahana maraina sy hariva.

Andeha isika hiresaka amin'Andriamanitsika.

**Fotoana hivavahana (30-45 Minitra)**

**Mivavaka araka ny tenin'Andriamanitra – 1 Tant. 23:30**

"*Ny hitsangana isa-maraina hisaotra sy hidera an'i Jehovah, ary toy izany koa amin'ny hariva*."

**"Isa-maraina"**

*Jesôsy ô, te hanomboka ny tontolo andronay miaraka Aminao izahay. Fohazy izahay mba hiombonanay eo anatrehanao. Ampio izahay hanao izany ho fahazarana isan'andro, tsy ho maimaika na hangataka andro. Ampio izahay mba hahazo antoka fa Ianao no voalohany indrindra sy zava-dehibe indrindra ao amin'ny eritreritray isan'andro. Amena.*

**"Hisaotra sy hidera an'Andriamanitra"**

Ray ô, mailaka erỳ izahay mitondra ny fangatahanay eo anatrehanao, miaraka amin'ireo fitarainanay sy fanirianay isan-karazany, kanefa indraindray dia hadinonay fa Persôna Ianao fa tsy milina mpizara («Distributeur Automatique»). Ampahatsiahivo anay ny lafiny rehetra amin'ny toetranao, ny zavatra kely sy lehibe rehetra nataonao sy ataonao ho anay, mba hahafahanay misaotra Anao sy midera Anao noho izany. Amin'izao fotoana izao indrindra, ataovy ao an-tsainay ny antony hiderana Anao. Amena.

**"Toy izany koa amin'ny hariva"**

Andriamanitra ô, tsy ny hanomboka ny andronay miaraka Aminao ihany no fanirianay fa ny hamarana izany miaraka aminao koa.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**:

**Fisaorana sy fiderana:** Misaora noho ireo fitahiana manokana aoznao ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka:** Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora na'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitarihana:** Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika:** Mivavaha ho an'ny filan'ny fiangonana eo an-toerana sy maneran-tany.

**Antom-bavaka eo an-toerana:** Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina.

**Mihaino ary mamaly:** Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira:** (Misafidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra).

# 10 ANDROM-BAVAKA

Miverena amin'ny alitara – Amboary izany dia hiverina indray Izy!

## ANDRO 4 – MAMPIVERINA AN'ANDRIAMANITRA

*"Dia nanatona azy ny olona rehetra. Ary Elia namboatra ny alitaran'i Jehovah izay efa rava."* – 1 Mpanj. 18:30.

**Rehefa tsy nisy ny orana**

Navesatra ny rivo-piainana tamin'io andro ratsy io; nisy fanginana hafahafa nanenika ny tendrombohitra Karmela. Nandrobona, maitso mavana sy kanto io tendrombohitra feno ala io fahiny. Namonto azy ny ranonorana, ary toerana masina no nandraisana azy, toeram-pitahiana sy fahavokarana (MM, tt. 115,116). Niova anefa ny zavatra rehetra. Ilay maitso taloha dia may sy karankaina izao, vokatr'ilay hain-tany mampalahelo nandritra ny telo taona sy tapany (1 Mpanj. 17:1; 18:1; Jak. 5:17). Toy izao no namaritan'i Ellen G. White ny Isiraely tamin'izany andro izany:

*"Lasa ny taona iray kanefa tsy nisy orana ihany. Tahaka ny nohamainin'ny afo ny hamainan'ny tany. Nandevona izay fara soritra hita tamin'ny zava-maniry ny masoandro tsy azo nifonana. Ritra ny renirano, nitoreo ny biby nandrasana, ary nirenireny tamim-pijaliana teny rehetra teny. Tonga tany efitra ny saha nahavokatra taloha. Fahoriana tsy hita pesipesenina izany. Nanitsan-dravina ireo ala kely natokana hivavahana tamin'ny sampy; tsy nanome ny alokalony intsony ny hazo an'ala miova tsy ny taolana tsy misy nofo. Maina sady manevokevoka ny rivotra iainana; manempotra sady manimba maso ny fasika entin'ny tafio-drivotra mahery. Nanjary ravarava ny tanàn-dehibe mbamin'ny vohitra madinika. Nandringana ny olona sy ny biby tamin'ny fahafatesana mahatsiravina ny hanoanana sy ny hetaheta. Niely hatrany niaraka tamin'ny horohoro mpanara-dia azy ny mosary."* – MM, t. 99.

**Fahamainana ao anaty**

Ny fahamainana ara-panahy izay nahatonga ny fanahin'ny vahoakan' Andriamanitra ho main'ny hetaheta sy nandevona ny finoany dia azo heverina ho lehibe lavitra noho ny hain-tany izay namely ny firenena. Ilay mpanjaka ratsy fanahy Ahaba sy ny vadiny Jezebela no nanjaka teo amin'ny Isiraely tamin'izany. Nahatonga an'i Ahaba tsy hahatoky amin'Andriamanitra ilay vehivavy sidôniana vadiny. Tao anatin'izany fihemorana ara-panahy mampidi-doza izany no niantsoan'Andriamanitra an'i Elia mpaminany. Izao no nosoratan'i Ellen G. White momba an'i Elia: *"Teo (...) no nonenan'ny lehilahin'ny finoana sy ny fivavahana iray, izay tokony hampitsahatra ny fihazakazaky ny fihemorana tany Isiraely"* – MM, t. 95.

**Namboatra ny alitara indray i Elia**

Rehefa tsy vitan'ireo mpaminanin'ny Bala sy ny Aseraha ny nandatsaka afo rehefa nitalaho ny andriamaniny izy, dia *"tamin'ny fotoan'ny fanatitra hariva"* – 1 Mpanj. 18:36 no niantsoan'i Elia ny olona hanatona sy hamboatra ny alitara ho an'ilay Andriamanitra marina. Raha ny marina dia tsy niantso ny vahoaka hiverina amin'ny alitaran'ny fanompoam-pivavahana marina fotsiny i Elia fa niantso azy ireo hiverina amin'ny fiankohofana *tsy tapaka* amin'ilay Andriamanitra marina! Rava ilay alitara fanaovan'ny Isiraely fanompoam-pivavahana, saingy efa rava ela talohan'izany ny alitaran'izy ireo isam-batan'olona sy isam-pianakaviana.

**Inona no mampiverina an'Andriamanitra?**

Ny famerenana tamin'ny laoniny ilay fanompoam-pivavahana marina sy vokatry fo izay nanetsika an'Andriamanitra hamaly teo Karmela no nahavita izany. Ny hetsika fifohazam-panahy voalohany nataon'i Elia teo amin'ilay firenena dia ny fanamboarana ilay alitara rava. Raha rava ny alitara fanaovanao na ny ankohonanao fanompoam-pivavahana, dia amboary izany, ary aoka ny afon'ny fanatrehan'Andriamanitra handevona izay rehetra vory eo mba hiankohoka Aminy!

Adeha isika hiresaka amin'Andriamanitsika.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

**Mivavaka araka ny tenin'Andriamanitra – 1 Mpanj. 18:30**

*"Dia nanatona azy ny olona rehetra. Ary Elia namboatra ny alitaran'i Jehovah izay efa rava."*

***"Nanatona azy ny olona rehetra"***

*Jesôsy ô, ny Fanahinao Masina no nandresy lahatra ny fon'ny Isiraelita teo an-tendrombohitra Karmela rehefa namboatra ny alitara rava i Elia. Mangataka izahay mba horesenao lahatra tahaka izany koa ny fonay anio. Ampahafantaro anay ny fahotanay mba hahazoanay famelan-keloka sy fahasoavana hoenti-mandresy ao amin'i Jesôsy. Sintony ho eo akaikinao izahay, ataovy ao am-ponay ny hakanton'ny fahamasinanao, ary aoka ny fonay haniry fatratra Anao tahaka ny tsy mbola nataonay hatramin'izay. Amen.*

***"Elia namboatra ny alitaran'i Jehovah"***

*Andriamanitra Rainay ô, meloka izahay noho ny fanaovana tsirambina ny fotoana tokony hiarahanay tsy tapaka aminao, na isam-batan'olona izany na miaraka amin'ny ankohonanay. Omeo fo sy fisainana vaovao izahay, ary tariho amin'ny famerenana amin'ny laoniny ireo fotoam-bavaka tokony hiarahanay Aminao isan'andro. Ampio izahay hanam-pahavononana sy hiaina mifanaraka amin'ny vavaka ataonay. Atanjaho ny finoanay, mba ho hita eo amin'ny fiainanay ny tena fivavahana marina noho ny fanatrehanao eo aminay. Amen.*

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana:** manaova vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika**: Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany.

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina.

**Mihaino ary mamaly:** Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira

**Soso-kevitra momba ny hira:** (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra)

# 10 ANDROM-BAVAKA

## Miverina amin'ny alitara – "Vao maraina no hitadiavako Anao"

## ANDRO 5 – JESOSY, ILAY MPIFOHA MARAINA

*"Fa avy ny andro sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany."* – Jao. 4:23.

**Alitara fahamarinana**

Misy "alitara fahamarinana" ao amin'ny fiainan'i Jesôsy, izay tokony ho fantatry ny Kristianina rehetra. Andro vitsy lasa izay no nandinihantsika manokana momba ny alitara ao amin'ny Soratra Masina sy ny fiainan'ireo izay namboatra izany. Sary an'ohatra ny alitara, maneho ny toerana sy ny fotoana hiankohofantsika amin'Ilay Andriamanitra marina sy velona. Tsy voatery hanana alitara ara-bakiteny ny olona mba hahazoany miankohoka amin'Andriamanitra. Raha ny marina, raha mifandray tsy tapaka amin'Andriamanitra ny mpianatra iray, ka feno zotom-po sy vonton'ny tenin'Andriamanitra ao anatin'izany fifandraisana izay, dia efa nahorina alitara tena izy, tahaka ilay namboarin'i Elia teo an-tendrombohitra Karmela (1 Mpanj. 18).

Hitantsika eo amin'ny fiainan'i Jesôsy ny alitara toy izany. Tao anatin'ny fiainana tototry ny asa, feno fanoherana sy famelezana mafy avy amin'ny devoly, dia nanokana fotoana maharitra i Jesôsy hivavahana sy hiankohofana tamin'Andriamanitra. Na dia mitovy amin'Andriamanitra aza Izy (Fil. 2:6) dia mbola noraisiny ho zava-dehibe ny fifandraisana tsy tapaka amin'ny Rainy. Izany no hany fomba nahafahany nitondra ny fahotan'izao tontolo izao teo amin'ny hazo fijaliana.

**Aiza ireo mpifoha maraina mba hikatsaka Azy?**

Ao amin'ny Mar. 1:35 dia *"nifoha maraina alina koa Izy* [i Jesôsy]*, dia nivoaka nankany an-tany foana ka nivavaka tany."* Ny andro talohan'io dia be tokoa ny asa – nositranina ny marary, noroahina ny demonia, navotana ny very. Rehefa nifoha maraina ny mpianatra dia hitan'izy ireo fa efa tsy teo i Jesôsy, koa nandeha nitady Azy izy. Ary rehefa nahita Azy izy dia nanao Taminy hoe: *"Ny olona rehetra mitady Anao"* – Mar. 1:37. Ny valin-tenin'i Jesôsy dia mampahatsiahy mazava ny fitahiana miandry izay rehetra manamboatra ny alitarany marain-tsy hariva.

*"Andeha isika hiala hankany amin'ny tanàna akaiky, mba hitoriako teny any koa; fa izany no nahatongavako"*, hoy i Jesôsy – Mar. 1:38. Azonao ve izany? Sarotra ny safidy nanoloana an'i Jesôsy. Hijanona eo amin'ny toerana misy azy ve Izy – tao an-tranon'i Petera – dia

hanohy ny asany feno fahombiazana ao? Sa hiala ao Izy dia handeha any amin'ny toerana vaovao izay tsy mbola nanaovany asa? Vitsy ihany ireo Kristianina ankehitriny no ho vonon-kandao asa mamokatra tsara ho any amin'izay tsy mbola fantatra izay ho vokany. Kanefa izany indrindra no nataon'i Jesôsy, tsy tamim-pisalasalana. Ahoana àry no nahaizany nisafidy ny tokony hatao? Andriamanitra Ray no nanambara Taminy ny drafitra ho amin'io andro, nandritra ilay fotoam-bavaka manokana nataony. Nanamafy ny tanjon'i Jesôsy ny Ray rehefa nivavaka sy niandry teo anatrehany Izy.

Ry namako, rehefa tsy mikatsaka an'Andriamanitra vao maraina ao anatin'ny fiankohofana sy ny fotoam-bavaka isika, dia tsy mahafantatra ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny androntsika, na ny fankasitrahany ny fikasantsika ho an'izany andro izany sy eo amin'ny fiainantsika.

Andeha isika hiresaka amin'Andriamanitsika.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

**Mivavaka araka ny tenin'Andriamanitra – Jao. 4:23**

*"Fa avy ny andro sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany."*

***"Tena mpivavaka"***

*Ray ô, ampianaro ny fomba hiankohofana Aminao izahay, eo amin'ny asa amandraharahanay andavanandro, eo amin'ireo lafim-piainanay, na ny manan-danja na ny latsaka izany. Enga anie ny finoanay ho hita eo amin'ny lafim-piainanay tsy an-kanavaka, aoka tsy hihevitra izahay fa amin'ny andro Sabata ihany no tokony hiankohokaAminao, fa mba ho hitanay marina fa ny fiankohofana Aminao no maha-sambatra indrindra eo amin'ny fiainana. Hifandray tsy tapaka Aminao anie izahay, ary hiaina amin'ny maha-tena mpivavaka marina amin'Ilay Andriamanitra tokana sy marina. Amena.*

***"Hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana"***

*Misaotra Andriamanitra ô, fa afaka miankohoka Aminao izahay na aiza na aiza misy anay, na oviana na oviana tianay hanaovana izany. Mihaino anay Ianao na any an-trano izahay, na any am-piasana, na any am-piangonana, na eny am-pandehanana. Midera anao izahay noho izany fandraisanao tsy tapaka ny zanakao amin'ny fotoana rehetra izany. Tompo ô, tariho ho amin'ny marina rehetra izahay amin'ny alalan'ny Fanahinao Masina, mba hahatonga ny fiainanay sy ny fivavahanay hifandrindra amin'ny fahamarinana rehetra. Misaotra Andriamanitra ô, noho ny fitarihanao anay ho amin'ny tena fiankohofana marina. Amena.*

***"Ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany"***

*Ray be famindrampo ô, tsy takatry ny saina ny fitiavanao anay. Tianao hanakaiky Anao izahay. Mazoto mitady anay Ianao ary tianao indrindra raha Ianao no tonga zava-drehetra ho anay. Mamelà ny helokay raha nataonay ambanin-javatra Ianao ka tsy mba nanokananay fotoana isan'andro mba hiarahana Aminao. Fantatray fa tsy mba mitondra anay an-tery Ianao. Misaotra noho ny toky omenao anay fa raha manasa Anao hifandray akaiky aminay izahay, dia ho eo anivonay Ianao. Amena.*

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana:** manaova vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika**: Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany.

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina.

**Mihaino ary mamaly:** Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira:** (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra)

# 10 ANDROM-BAVAKA

## Miverina amin'ny alitara – Mamarana ny tontolo andro miaraka amin'Andriamanitra

## ANDRO 6 – ILAY MPITOLONA AMIM-BAVAKA NANDRITRA NY ALINA

"*Ary tamin'izany andro izany dia lasa nankany an-tendrombohitra Jesosy mba hivavaka; ary naharitra nivavaka tamin'Andriamanitra nandritra ny alina Izy.*" – Lio. 6:12.

**Ohatra ho antsika**

Nahafantarana an'i Jesôsy ny fitolomany amim-bavaka mandritra ny alina manontolo, toy ny nataony talohan'ny nifidianany ireo mpianatra 12 lahy, izay hitondra ny filazantsara ho eo amin'izao tontolo izao indray andro any (Lio. 6:12-13). Angamba tsy hahita tory mandritra ny alina koa ianao raha tsy maintsy hamonjy izao tontolo izao miaraka amin'ny fanampian'ny olona mpanota 12 lahy mbola tsy mahay ny asany. Navesatra tokoa izany andraikitra izany. Toy izao no nanoritsoritan'i Ellen G. White an'i Jesôsy, Ilay Mpitolona amim-bavaka mandritra ny alina:

"Raha teo am-panaovana ny asany teto an-tany Ilay Mpanjakan'ny lanitra dia nivavaka mafy tamin'ny Rainy. Matetika no nandohalehany sy nivavahany nandritra ny alina manontolo. Mazàna feno alahelo ny fisainany noho ny fahatsapany ny herin'ny maizina eto amin'izao tontolo izao; dia nilaozany ny tanàna sy ny raharahany, ny vahoaka be sy ny tabatabany, ka nitady toerana mitokana Izy mba hivavahana ho azy ireo. Ny tendrombohitra Oliva no toerana tian'Ilay Zanak'Andriamanitra indrindra hanaovany ny fivavahany. Matetika, rehefa nandao Azy iny ny vahoaka satria alina ny andro, dia tsy mba nitsahatra kosa Izy na dia reraka noho ny asa nandritra ny andro aza. (...) Raha tao anatin'ny fahanginana tanteraka ny tanàna, ary ny mpianatra lasa nody mba haka aina sy hianoka ao anatin'ny torimaso, i Jesôsy kosa tsy mba natory. Nisandratra avy teo an-tendrombohitra Oliva ho any amin'ny Rainy ny fitalahoany amim-bavaka, mba ho voaro mandritra ny andro amin'ny fitaoman-dratsin'izao tontolo izao ny mpianatra, ary koa mba hohatanjahina ny fanahiny (ny an'i Jesôsy), ho vonona hiatrika ireo adidy sy fitsapana miandry Azy. Raha natory ny mpianatra nandritra ny alina manontolo, Ilay Tompo sy Mpampianany kosa nivavaka. (...) Namela ohatra ho an'ny mpianany Izy." - *Homeward Bound*, p. 169.

**Mahatakatra ny zava-dehibe iankinan'aina**

Manomboka ny tontolo androny miaraka amin'Andriamanitra ny Kristianina sasany, indraindray noho ny tahotra ny amin'izay mety hitranga raha hivoaka ny trano izy ireo;

fa vitsy kosa no mba mamarana ny tontolo androny eo ambany fanatrehany. Rehefa nahazo izay nilainy niatrehana ny tontolo andro izy ireo, dia zara raha miato mba hisaotra an'Andriamanitra noho ny fanampiany sy ny fiarovany ny ainy. Rehefa trotraky ny havizanana iny izy ireo dia mitsofoka ao am-pandriany, tsy manana saina hitady Azy akory mba homeny hery hiatrehana ny ampitso sy ny adiny. Mahalana aza izy ireo no mba misaotra Azy.

Takatr'i Jesôsy ny zava-misy ara-panahy goavana izay miandry Azy isan'andro. Tsinjony mazava ny loza ara-panahy mety hanjo ny mpianatra, na dia tsy mahatsapa izany velively aza ireo farany ireo (Lio. 22:32). Ankehitriny – isan'andro – aoka tsy hohadinointsika intsony ny fotoana hamaranana ny tontolo androntsika amin'ny vavaka sy ny fiderana, izay hasandratry ny fontsika any amin'Andriamanitra. Aoka isika hifampivavaka amin-kafanam-po mba hitehirizan'Andriamanitra antsika ho mahatoky amin'izao fahantomoran'ny fiverenan'i Jesôsy izao.

Andeha isika hiresaka amin'Andriamanitsika.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

**Mivavaka araka ny tenin'Andriamanitra – Lio. 6:12**

*"Ary tamin'izany andro izany dia lasa nankany an-tendrombohitra Jesosy mba hivavaka; ary naharitra nivavaka tamin'Andriamanitra nandritra ny alina Izy."*

***"Lasa nankany an-tendrombohitra Jesosy mba hivavaka"***

*Jesôsy ô, velom-pisaorana izahay noho ny ohatra nasehonao anay. Ny fiainanao dia ohatra lehibe arahinay, ary mivavaka izahay mba hampanjakanao atỳ anatinay ny fiainanao. Tompo ô, tsapanay fa mila manokana fotoana iarahana Aminao manokana izahay. Ampio izahay anio handamina fotoana mba hivavahana mangina. Asehoy anay ilay "tendrombohitra" azonay aleha – dia toerana hahazoanay mifandray akaiky Aminao sy mianatra mihaino ny feonao mba handrenesanay izany mazava kokoa. Amena.*

***"Ary naharitra nivavaka (...) nandritra ny alina Izy"***

*Andriamanitra ô, tsy mbola nivavaka nandritra ny alina manontolo ny ankamaroany aminay. Misy aminay aza sahirana rehefa mivavaka mihoatra ny 30 segôndra. Ary na dia tsy midika na inona na inona mikasika ny fihainoanao anay na tsia aza ny halavan'ny vavakay, dia tsapanay fa ny fanokananay fotoana bebe kokoa iarahana Aminao dia hitondra fitahiana lehibe maro tokoa ho anay. Ny fifandraisana ety aminao no manatanjaka, mitaona, mandresy lahatra, mitari-dalana, ary mitahy anay. Andriamanitra ô, mba ampianaro mivavaka re izahay, sy hanao izany fotoana masina izany ho laharam-pahamehana eo amin'ny fiainanay, na isam-batan'olona, na amin'ny maha-fiangonana anay. Enga anie ny fotoam-bavakay haharitra kokoa noho ny fotoana laninay amin'ny telefaoninay, na eo anoloan'ny fahitalavitra, na amin'ny zavatra hafa manintona ny sainay. Aoka izahay ho mpitolona amim-bavaka. Amena.*

***"Nivavaka tamin'Andriamanitra"***

*Andriamanitray be fitiavana ô, menatra izahay ary miaiky fa tsy tany Aminao no nitodihanay voalohany raha niatrika zava-tsarotra maro izahay, fa tany amin'ny hafa izay tsy mba avy Aminao. Matetika izahay no tsy mahatsapa akory fa efa tonga sampinay ny zavatra sy ny fanandramana maro. Mamelà re ny helokay. Asehoy anay ny fomba nitadiavanay ny zavatr'izao tontolo izao fa tsy nitadiavanay anao. Ianao no Andriamanitra tsitoha mahefa ny zavatra rehetra, Andriamanitra'izao rehetra izao. Ianao irery no irinay hokatsahina. Aminao irery ihany no ivavahanay. Amena.*

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana:** manaova vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaken-keloka**: Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika**: Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany.

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina.

**Mihaino ary mamaly:** Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira:** (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra)

# 10 ANDROMBAVAKA

## Miverina amin'ny alitara- Ny zavatra ilaintsika maika indrindra

## ANDRO 7- FIANGONANA MANAO FIANKOHOFANA

"*Avia, ka aoka hiondrika sy hiankohoka isika; aoka isika handohalika eo anatrehan'i Jehovah, Mpanao antsika*."- Sal. 95:6

**Fiankohofana isam-potoana sy ny tsy fanaovana izany**

Ny fanadihadiana natao tamin'ny Advantista mitandrina ny andro fahafito manerana an'izao tontolo izao, tamin'ny taona 2018, no nahitana fa 34 isanjato monja amin'ny tokantrano advantista no manatanteraka fanompoam-pivavahana isa-maraina sy isan-kariva, ary 52 isanjato monja amin'ireo mambran'ny fiangonana no manokana fotoana handinihan-tena. Moa ve ny fiangonana mitondra ny hafatra ho an'ny andro farany izay miorina amin'ny fiankohofana, ny hafatry ny anjely telo ao amin'ny Apôk. 14:6-12, afaka hitondra izany hafatra miezinezina izany raha toa ny mambra ao aminy aza tsy manatanteraka amim-pahatokiana ny fiankohofana ataon'ny tena manokana sy iraisan'ny ankohonana? Raha lazaina amin'ny teny hafa, azontsika atao ve ny hitory amim-pahombiazana ny zavatra izay tsy ataon'ny maro amintsika isan'andro akory?

Izao no nambaran'i Ellen White: "Tsy misy ilaina mihoatra noho ny vokatra azo tsapaintanana avy amin'ny firaisana amin'Andriamanitra eo amin'ny asan'Andriamanitra."- TFC, b. 6, t. 47. Izao no nosoratany any amin'ny boky hafa: "Tahaka ireo patriarka fahiny, ireo izay milaza ho tia an'Andriamanitra dia tokony hanangana alitara ho an'i Jehôvah eo amin'ny toerana rehetra ananganany ny trano-lainy. (...) Aoka ny ray sy ny reny hampakatra matetika ny fony ho amin'Andriamanitra amin'ny fitalahoana feno fanetrentena ho an'ny tenany sy ho an'ireo zanany. Aoka ny raim-pianakaviana, amin'ny mahampisoron'ny fianakaviana azy, hanatitra fanatitra marain-tsy hariva eo amin'ny alitaran'i Jehôvah, ary ny renim-pianakaviana sy ny zanaka kosa hiombona amin'ny fivavahana sy ny fiderana. Ho tian'i Jesôsy ny hitoetra ao amin'ny tokantrano tahaka izany."- CG, tt. 518, 519.

**Izay ilaintsika maika indrindra**

Azo heverina fa ny famerenana indray ny fiankohofana ataon'ny tena manokana sy ataon'ny mpianakavy no zavatra ilaina maika indrindra amin'izao androntsika izao. Tsy ho mora anefa izany. Ankehitriny isika dia miatrika ny fihaikan'ny teknôlôjia izay mihamahazo vahana eo amin'ny fotoana lanintsika sy manova ny fisainantsika. Manjary feno tebiteby isika, kizitina, manirery, be rarintsaina, tsy mahita tory, ary tsy mahita

fifaliana eo amin'ny fiainana vokatry ny fiankinan-doha amin'ny haino aman-jery, indrindra ny tambajotra sôsialy.

Tsy araka izay nanampoizana azy fa ny mifanohitra amin'izany no miseho eo amin'ny fiankohofana ataon'ny tena manokana sy ataon'ny mpianakavy. Mampitony ny saintsika ny fivavahana, mampihena ny fahatsiarovana ho irery, mampihena ny rarintsaina, mampitombo ny fiadanana, mameno ireo filantsika ara-pihetsehampo, ary mampianatra antsika hahay mianina. Azo heverina ve fa ny alitara no fanefitra ho an'ny saintsika torovana sy ny fontsika tsy manam-pitsaharana?

Amin'izao andro izao, mihoatra noho ny hatrizay, no iantsoan'Andriamanitra antsika hiverina amin'ny Fony sy hanokana fotoana mamelombelona tsy tapaka eo amin'ny Fanatrehany. Noho izany antony izany indrindra no nanaovan'ny fiangonana Advantista mitandrina ny andro fahafito ny dingana "Miverina amin'ny alitara", ezaka iray manamarika ny tantara ho fanorenana indray ao amin'ny fiangonan'Andriamanitra ny alitaran'ny isam-batan'olona sy ny alitaram-pianakaviana izay efa rava. Any amin'ny taona 2027 dia manantena izahay ny hahita 70 isanjaton'ny mambra advantista manatanteraka ny fiankohofana manokana sy ataon'ny mpianakavy amin'ny maraina sy ny hariva. Ho fantatrao misimisy kokoa ny amin'izany ezaka izany ao anatin'ny andro maromaro ho avy, saingy azontsika atomboka dieny ankehitriny ny fiankohofana amin'Andriamanitra amim-pahatokiana sy tsy tapaka. Raha miverina amin'ny alitara miaraka amin'Andriamanitra isika dia ho voaova hanahaka ny Endriny ary hahazo hery hamitana ny asany!

Andeha isika anio hangataka ny handrotsahan'Andriamanitra ny Fanahiny Masina ho amin'ny fanandramana iarahantsika Aminy momba ny fiankohofana. Ilaintsika ankehitriny mihoatra noho ny hatrizay ny firaisana mamy sy sarobidy amin'Andriamanitra.

Andeha isika hiresaka amin'Andriamanitsika.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra- Sal. 95:6**

"*Avia, ka aoka hiondrika sy hiankohoka isika; aoka isika handohalika eo anatrehan'i Jehovah, Mpanao antsika*."

***"Avia, ka aoka hiondrika sy hiankohoka isika"***

Andriamanitra ô, impiry moa izahay no tsy nahatsapa ny maha-lehibe sy mahatalanjona Anao, izay tsy takatry ny saina maha-olombelona anay. Lehibe lavitra noho izao tontolo rehetra izao Ianao kanefa matetika loatra izahay no tsy manome haja Anao sy miankohoka Aminao araka ny tokony ho izy sy amim-panajana lalina. Ampahitao anay ny sombiny amin'ny voninahitrao ary ampio izahay hahatsapa fa mendrika Anao ny

haja sy ny voninahitra ary ny fiderana rehetra. Ampahatsiahivo anay ny hanatona Anao amim-panajana sy amin-tahotra, ka iaikenay fa Andriamanitra mahery Ianao. Amena.

***"Aoka isika handohalika eo anatrehan'i Jehovah, Mpanao antsika"***

Andriamanitra Mpamorona ô, Ianao no Mpahay kanto lehibe indrindra. Tsara tarehy sy lavorary avokoa izay nataonao rehetra. Voasoratra eny amin'ny voa vao mamelana sy ny ravina rehetra ny Fitiavanao. Tena Rainay ihany koa Ianao, Ilay nahary anay, tia anay ary namorona anay araka ny Endrikao. Ahoana no hataonay mba hahatsapanay amin'ny fahafenoany ny voninahitra natolotrao anay amin'ny fiantsoana anay hoe zanakao? Midera Anao sy miankohoka Aminao ilay Mpanao anay izahay. Amena.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana:** Manaova vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka:** Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitarihana:** Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika:** Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eto an-toerana sy maneran-tany (jereo ny takila manokana misy ny fangatahana)

**Antom-bavaka eo an-toerana:** Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-borindrina.

**Mihaino ary mamaly:** Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira:** (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra).

# 10 ANDROM-BAVAKA

## Miverina amin'ny alitara- Ny fiainam-pivavahana sy ny hafatra ho an'ny andro farany

## ANDRO 8- NY FIANKOHOFANA SY NY HAFATRY NY ANJELY TELO

"*Matahora an'Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy; fa tonga ny andro fitsarany; ary miankohofa eo anoloan'Izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano*."- Apôk. 14:7.

**Ny hafatry ny anjely voalohany sy ny anjely faharoa**

Amin'ny maha-Advantista mitandrina ny andro fahafito antsika dia antsoina isika hanambara ny hafatra ho an'ny andro farany, manan-danja loatra izany hafatra izany ka tsy misy zavatra hafa tokony hifantohan'ny saintsika ankoatra azy (Ellen G. White, TFC, b. 8, t. 302). Mitory ny hafatry ny anjely voalohany izay "*nanidina teo afovoan'ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay hotorina amin'izay monina ambonin'ny tany*"- Apôk. 14:6 isika, izay mananatra ny olona rehetra mba hatahotra an'Andriamanitra sy hanome voninahitra Azy ary hiankohoka "*eo anoloan'Izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano*."- and. 7. Mampahatsiahy antsika ireo andalan-teny ireo fa Andriamanitra no niandohantsika fa tsy ny fivoarana miandalana. Manana ny "filazantsara mandrakizay" isika- mifanaraka amin'ny fotoana izany ary tsy mety lany andro, manan-danja ary mandrakizay, tena ilaina ary tsy manam-petra!

Torintsika ihany koa ny hafatry ny anjely faharoa izay hita ao amin'ny Apôk. 14:8: "*rava Babylona*"! Io hafatra feno fahamasinana io dia miantso ireo mpanara-dia marina an'Andriamanitra mba tsy hanaraka ny endri-piankohofana rehetra noforonin'olombelona ary koa ny finoana rehetra tsy miorina amin'ny Tenin'Andriamanitra. Mitaona antsika izany mba hanalavitra ny finoana natambatambatra kisendrasendra izay tsy miorina amin'ny Soratra Masina na tsy tohanan'ny Fanahin'ny Faminaniana. Mivoaha avy ao Babilôna mba tsy hiraisanao ota aminy ary mba tsy hanjo anao izay loza hihatra aminy, hoy ny baikon'ny Apôk. 18:4 ao aoriana kely. Antso ny amin'ny hiavahantsika eo amin'ny fiankohofana marina amin'Andriamanitra izany hafatra masina izany!

**Ny hafatry ny anjely fahatelo**

Ry sakaiza, raha miezinezina ireo hafatra roa voalohany, dia manambara zavatra somary manaitra i Ellen White mikasika ny hafatry ny anjely fahatelo. Izao no nosoratany ao amin'ny taratasiny faha-209: "Tokony hitambatra ao amin'ny hafatra fahatelo ny herin'ny fitoriana ny hafatry ny anjely voalohany sy faharoa" (1899). Inona no anton'izany?

Satria ny hafatry ny anjely fahatelo dia mahafaoka ny filazantsara mandrakizain'ny hafatra voalohany sy ny fiantsoany ho amin'ny fiankohofana! Mahafaoka ny antson'ny anjely faharoa ny hisarahana amin'ny fiankohofana sandoka izany. Saingy ny fitoriana ity hafatra fahatelo ity dia tsy tahaka ireo hafatra roa voalohany, noho izy ahitana fampitandremana mahatahotra: "*Raha misy miankohoka eo anoloan'ny bibi-dia sy ny sariny ka mandray ny marika eo amin'ny handriny na amin'ny tànany, dia izy koa no hisotro ny divain'ny fahatezeran'Andriamanitra*"- Apôk. 14:9. Mampiseho ireo mpiankohoka amin'ny bibidia izay mandray marika sy ireo mpiankohoka amin'Andriamanitra vita tombokase io hafatra io!

"*Indro ny faharetan'ny olona masina, dia izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy*."- Apôk. 14:12. Izao no nambaran'i Ellen White mikasika io hafatra io: "Izany no fahamarinana ankehitriny. Tokony hotorina amin'ny fomba miavaka sy amin-kery izany hafatra izany. Tsy tokony hotakonan'ny tsangan-kevitr'olombelona sy ny tohan-keviny feno fahadisoana izany."- L 20, 1900. Raha mivavaka isika anio, andeha hangataka amin'Andriamanitra mba hampanan-kery ny fiankohofantsika hahafahantsika mitory amin-kery ny hafatra ho an'ny andro farany, nampitondrainy antsika ho an'ity tontolo ambavahoana ity.

Andeha isika hiresaka amin'Andriamanitsika.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra- Apôk. 14:7**

"*Matahora an'Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy; fa tonga ny andro fitsarany; ary miankohofa eo anoloan'Izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano*."

***"Matahora an'Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy"***

Ry Andriamanitra tsitoha Mpamorona anay ô, Mpanjakan'izao rehetra izao, tianay ny hanetry tena eo anatrehanao. Ianao no Andriamanitray, Ilay hany Andriamanitra, ary mendrika Anao ny dera sy ny fanoloran-tenanay ary ny hanokananay ny fiainanay hanao ny sitraponao. Mahatalanjona Ianao, feno fahatsaran-tarehy ary mahagaga. Angatahinay ny hanatanterahanao ny teny fikasanao sy hamenoanao anay amin'ny Fanahinao Masina mba hahatonga ny fiainanay haneho taratra ny toetranao be fitiavana izay tonga lafatra. Angatahinay ny hampisehoanao ny maha-Ianao Anao sy ny voninahitrao amin'ny alalanay. Amena.

***"Fa tonga ny andro fitsarany"***

Jesôsy ô, mazava ny ambaran'ny tenin'ny faminaniana ao amin'ny bokin'i Daniela sy ny Apôkalipsy: velona amin'ny ora fitsarana ny tantaran'ny tany izahay. Misaotra Anao izahay satria afaka matoky fa ampy ho anay ny Fahamarinanao, izay anay noho ny amin'ny finoana, ary koa manome anay ny antoka ho amin'ny famonjena raha miatrika

ny fitsarana izahay. Ampio izahay, noho ny fahasoavanao, mba hanana fiainana mahasoa ny hafa, mba hanao fanompoana mifantoka amin'ny iraka, ary hanome voninahitra Anao eo amin'izay ataonay rehetra. Amena.

***"Ary miankohofa eo anoloan'Izay nanao ny lanitra sy ny tany"***

Jesôsy ô, rehefa mijery ity tany ity sy izao tontolo rehetra izao izahay dia talanjona noho ny fahatsaran'ny asan'ny Tananao. Na dia eo amin'ny zavatra rehetra aza ny vokatry ny ota, dia mbola hitanay hatrany fa Ianao no Mpahay kanto lehibe izay nametraka ny fahatsaran-tarehy sy ny fikasana tsara teo amin'ny asantananao. Tsy ho nisy izahay raha tsy noho Ianao. Misaotra Anao izahay satria nizara ny fofonainao Ianao ary namorona anay, tsy ny mba hiainanay ho an'ny tenanay fotsiny fa mba hananantay firaisana mandrakizay Aminao Ilay Mpamorona anay. Amena.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana:** Manaova vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka:** Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitarihana:** Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika:** Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eto an-toerana sy maneran-tany (jereo ny takila manokana misy ny fangatahana)

**Antom-bavaka eo an-toerana:** Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-borindrina.

**Mihaino ary mamaly:** Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira:** (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra).

# 10 ANDROM-BAVAKA

## Miverina amin'ny alitara- Miaro ny saina ny fiankohofana

## ANDRO 9- TANDROVY NY SAINAO

"*Tandremo ny fonao mihoatra noho izay rehetra tokony hotandremana; fa avy ao aminy no ihavian'ny aina*."- Ohab. 4:23

**Votoatin'ny lohahevitra**

Tokony hodinihina ny momba ny fon'olombelona tsy voaova. Raha manaraka ny vaovao miseho isan'andro ianao dia hahita fa ny olombelona dia manao zavatra mampametra-panontaniana ny amin'ny maha-olona azy. Misy asa mahafinarira maneho fitiavana sy hatsaram-panahy maro miseho manerana izao tontolo izao isan'andro, kanefa tsy isalasalana koa fa hita eny amin'izay jerentsika rehetra eny ny faharatsiana. Ara-drariny tokoa ny fieritreretantsika mandrakariva ny amin'ny ady tsy manam-pitsaharana sy ny kolikoly ara-pôlitika ary ny herisetra mitohitohy sy mihamitombo, tokony hiaiky ihany koa anefa isika fa na aiza na aiza toerana ahitana tranga mahatsiravina dia ny fon'olombelona feno faharatsiana no manatanteraka izany asa izany.

Raha tsorina dia tsy manan-javatra tsara holazaina momba ny fon'olombelona tsy voatolotra ho an'i Jesôsy Kristy ny Baiboly. Hoy Jehôvah: "*Ny fo dia mamitaka mihoatra noho ny zavatra rehetra sady manana aretina tsy azo sitranina; Iza moa no mahafantatra ny aminy?*"- Jer. 17:9. Ny fo izay resahin'Andriamanitra eto dia tsy ilay mitepo ao antratrantsika tsy akory fa ilay "fo-saintsika"- ilay ivon'ny eritreritra sy ny fahaizana ary ny fitondrantenantsika, ilay loharano ipoiran'ny faniriantsika. Nambaran'i Jesôsy mazava tsara izany rehefa nilaza Izy hoe: "*Ny olona tsara fanahy dia mamoaka ny tsara avy amin'ny rakitra tsaran'ny fony; ary ny ratsy fanahy kosa dia mamoaka ny ratsy; fa amin'ny haben'ny ao am-pony no itenenan'ny vavany*."- Lio. 6:45.

**Manao fiankohofana amin'ny saintsika isika**

Toy izao no nosoratan'i Ellen White mikasika ny maha-zava-dehibe ny sain'olombelona: "Ny saina no mifehy ny maha-olona manontolo. Ny asantsika rehetra, na ratsy na tsara, dia avy ao amin'ny saina no ipoirany. Ny saina no miankohoka amin'Andriamanitra sy mampiray antsika amin'ireo mponin'ny lanitra."- Mind, Character, and Personality, b. 1, t. 72). Ny saina no tian'Andriamanitra handray anjara amin'ny ady atao amin'ny tena sy atao amin'ny ratsy. Raha niresaka ny amin'ny herin'ny Baiboly eo amin'ny fanabeazana sy ny fampahatanjahana ny saina i Ellen White dia nanao izao fanamarihana izao ihany koa: "tsy misy zavatra hafa hitondra hery ho an'ny fahaiza-manao rehetra tahaka ny fitakiana ny mpianatra hanakatra ireo fahamarinana mahatalanjon'ny fanambaran'ny tenin'Andriamanitra. Hifankazatra tsikelikely amin'ny lohahevitra izay avela hodinihiny

ny saina."- TFC, b. 5, t. 24. Fitahiana manao ahoana re ny fahafantarana fa azon'ny tenin'Andriamanitra izay manasitrana atao ny mamolavola indray ny saintsika!

**Tandremo ny fonao**

Tsy maintsy tandremana sy kolokoloina ary arovana ny sain'ny olombelona, araka izay ampirisihin'i Sôlômôna ao amin'ny Ohab. 4:23. Tahaka an'i Davida, dia tokony hangataka amin'Andriamanitra isika mba hamorona fo sy saina madio ho antsika (Sal. 51:10), kanefa tsy maintsy tandrovantsika amim-pahamalinana tanteraka izany. Ny fotoana manokana sy tsy miovaova lanintsika amin'ny fiderana, ny vavaka, ny fianarana ny Baiboly ary ny fijoroana ho vavolombelona dia hanampy kokoa amin'ny fiarovana ny saintsika ao amin'i Kristy Jesôsy mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra mety ataontsika isan'andro: "*Ny saina tsy miovaova dia harovanao amin'ny fiadanana tanteraka, satria matoky Anao izy*."- Isa. 26:3. Arovy ny sainao na dia tsy manao izany aza ny hafa rehetra.

Andeha isika hiresaka amin'Andriamanitsika.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra- Ohab. 4:23**

"*Tandremo ny fonao mihoatra noho izay rehetra tokony hotandremana; fa avy ao aminy no ihavian'ny aina*."

***"Tandremo ny fonao"***

Jesôsy ô, ao anatin'ity tontolo feno zava-mahavariana sy vaovao mivoaka tsy an-kijanona ity, dia mitolona mafy izahay mba hifantohana Aminao. Miaiky izahay fa miankina tanteraka Aminao ary mangataka Aminao mba hanome anay ny fahafahana mitandrina ny fonay. Ampio izahay hanao ny safidy tsara isan'andro mba hihazona ny tenanay ho madio ka tsy ho tratry ny fanafihan'ilay ratsy. Amena.

***"Mihoatra noho izay rehetra tokony hotandremana"***

Ry Mpamonjy malala ô, misaotra Anao izahay noho ny fanoloranao ny Tenanao ho anay. Misaotra noho ny fanomezana ny ohatry ny tena fitiavana sy ny fanoloran-tena. Fantatrao fa misy fotoana izay tsy maha-ampy ny fanoloran-tenanay ho Anao sy ny Asanao. Ary mailaka ery izahay hampianatra ny hafa kanefa tsy mandray am-po akory ny lesona tokony horaisinay. Mamelà ny fihatsarambelatsihinay, ary tariho izahay ho amin'ny fiainana feno fahatokiana mitohy. Amena.

***"Fa avy ao aminy no ihavian'ny aina"***

Andriamanitra ô, matetika izahay no manadino fa sarobidy sy saro-pady ary manandanja ny fonay, vokatr'izany dia tsy mitandrina izany izahay ka mamela ny hery miasa mangina sasany hiditra eo amin'ny fiainanay. Mety tsy ho tsapanay fa mamolavola ny

toetranay sy izay inoanay momba Anao ny zavatra rehetra. Ampianaro izahay hitandrina sy tsy hamela afa-tsy ny hery miasa mangina feno fahamasinana hiditra ao amin'ny fiainanay. Ianao, Tompo ô, no aoka hiditra ao am-ponay ary hampanjakao ao anatinay ny Fiainanao. Amena.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana:** Manaova vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka:** Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitarihana:** Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika:** Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eto an-toerana sy maneran-tany (jereo ny takila manokana misy ny fangatahana)

**Antom-bavaka eo an-toerana:** Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-borindrina.

**Mihaino ary mamaly:** Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira:** (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra).

# 10 ANDROM-BAVAKA

## Miverina amin'ny alitara- Omena hery hamitana ny asa

## ANDRO 10 - HANDEHA AHO!

"*Iza no hirahiko, ary iza no handeha ho irakay? Dia hoy izaho: Inty aho, iraho aho*."- Isa. 6:8

**Ny mpanao fiankohofana dia mandeha**

Iza no vonona handeha? Izany no fanontaniana napetrak'Andriamanitra tamin'i Isaia rehefa nahazo fahitana avy tamin'Andriamanitra izy, fahitana izay manova fiainana. Toe-javatra manokana sy mahatalanjona no hita tamin'izay fotoana izay. Nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana "*avo sady manerinerina*" Andriamanitra (Isa. 6:1). Nameno ny tempoly ny ebaneban'akanjony, ary nisy anjely nanana elatra enina nanao hira ho Azy, nifamaly hoe: "*Masina, masina, masina Jehovah, Tompon'ny maro; henika ny voninahiny ny tany rehetra.*"- and. 2. Rehefa nanomboka niteny Andriamanitra dia nihorohoro ny fanambanin'ny tokonana ary feno setroka ny trano. Nivalaketraka i Isaia vokatr'io toe-javatra iray manontolo io ka nihiaka hoe: "*Lozako! maty aho! fa lehilahy maloto molotra, sady ato amin'ny firenena maloto molotra no itoerako, fa ny Mpanjaka, dia Jehovah, Tompon'ny maro, no efa hitan'ny masoko*."- and. 5. Azontsika atao ve ny manome tsiny azy? Iza moa no hahita topy maso an'Andriamanitra ka tsy hihahihary ny momba azy?

Tahotra sy fanajana no nameno ny fon'i Isaia teo anatrehan'ny fahamasinana sy ny fiandrianan'Andriamanitra, kanefa tsy maneho ny Tenany mba higagantsika fotsiny Andriamanitra. Matetika no arahin'ny fangatahana ny fanehoany ny Tenany. Tahaka izany ohatra no nitranga rehefa naneho tamin'i Jaona ny fanambaran'i Jesôsy Kristy Izy, raha natao sesitany tany amin'ny nosy Patmô i Jaona. Natao hozaraina ny fahitana nomena an'i Jaona mikasika ny fiafaran'izao tontolo izao sy ny fiverenan'i Kristy. Tahaka izany koa, rehefa niseho tamin'i Isaia Izy, dia nitady mpitondra hafatra izay vonona ny hanapariaka ny hafa-pitiavany sy ny hafa-pampitandremany. Mendrika hotsaroana eo amin'ny tantara ny valinteny nataon'i Isaia: "*Inty aho, iraho aho*"- and. 8.

**Fifanatrehana**

Nisy zavatra nataon'Andriamanitra ho an'i Isaia, izay nitarika azy hanaiky hirahina. Rehefa nanaisotra ny tsy fahamarinany Andriamanitra ka nanadio ny fahotany, dia izao no navalin'i Isaia ny fahasoavany: "handeha aho" (Isa. 6:8). Nandritra ny fanandramana manokana sy masina niarahany tamin'Andriamanitra no nandraisany ny fanapahan-kevitra hanaiky ny iraka nampanaovin'Andriamanitra azy. Ny hery nentiny niteny ampahibemaso ho an'Andriamanitra dia hery izay azony nandritra ny fiarahana manokana tamin'Andriamanitra. Mpanoratra voahosotra, mpaminany mahatoky,

mpanambara hafatra tsy manan-tahotra- ireo toetra ivelany hita teo amin'i Isaia ireo dia tsy inona fa taratry ny toetrany anaty. Teo amin'ny alitara niaraka tamin'Andriamanitra izy!

Raha mamarana ny fanandraman'ny folo androm-bavaka isika, ny vavaka ataonay dia ny hanombohanao hanorina indray ny alitara ataon'ny tena manokana ho amin'ny fiankohofana isan'andro. Manantena izahay fa nanao fanekena ny hihaona amin'Andriamanitra isa-maraina sy isan-kariva ny ankohonanao. Mihoatra noho izany anefa, mivavaka izahay mba hanaiky ny fanasana manokana ataon'Andriamanitra ny handeha ianao. Raha manao izany ianao dia ho voakasika, ary "izao no teny ambara amin'ireo izay feno fanoloran-tena ka hokasihin'Andriamanitra ny molony: 'Mandehana any amin'ny saha fijinjana, hiara-miasa aminareo Aho'"- GW, t. 23.

Andeha isika hiaraka hivavaka.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra- Isa. 6:8**

"*Iza no hirahiko, ary iza no handeha ho irakay? Dia hoy izaho: Inty aho, iraho aho*."

***"Iza no hirahiko (...)?"***

Andriamanitra ô, ny fametrahanao io fanontaniana io dia toy ny fananarana ho anay. Tsy nanoina ny antso ho amin'ny fanompoana sy fitoriana Anao izahay. Misy fotoana izahay mahatsapa fa tototry ny asa izay toa tsy ho vita amin'ny fitoriana ny filazantsara amin'izao tontolo izao. Misy fotoana indray izay mahavariana anay amin'ny fiainanay manokana sy ny fandaharam-potoanay ary ny fanirianay. Mifona izahay Tompo ô. Mamelà ny helokay, ary mangataka izahay ny hampiasanao anay any amin'ny tanimboalobokao. Amena

***"Inty aho"***

Ry Jesôsy feno fahatsarana ô, niantso Ianao ary mamaly aho ankehitriny. Inty aho. Tsy manan-javatra betsaka hoentina aho, kanefa ny fahafantarako fa eo anilako Ianao dia ampy ahy, satria ireo izay irahinao dia omenao fahafahana ihany koa hanao ny asa. Koa inty aho Tompo ô. Raiso ity lehilahy/vehivavy/zaza ity, ary aoka hiseho amin'ny alalan'ny fiainako ny Voninahitrao. Amena.

**"Iraho aho."**

Andriamanitra ô, tsapanay fa ny tanjon'ny fiainanay dia ny haneho ny Toetranao amin'ity tontolo ity. Meteza haniraka anay ho any amin'ny sahan'asanao. Asehoy anay ny toerana iasanao mba handehananay any amin'izay hanetsehan'ny Fanahinao Masina anay. Tariho ny fisainanay sy tetikasanay, ny fisakazainay, ary ny ezaka ataonay eo amin'ny fanaovana ny iraka. Irinay ny hamirapiratra ho Anao, Jesôsy ô. Iraho izahay! Iraho aho. Handeha aho! Amena.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy fiderana:** Manaova vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka:** Manokàna minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra noho ny famelany.

**Fitarihana:** Angataho Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra horaisina.

**Ny fiangonantsika:** Angataho Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eto an-toerana sy maneran-tany (jereo ny takila manokana misy ny fangatahana)

**Antom-bavaka eo an-toerana:** Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-borindrina.

**Mihaino ary mamaly:** Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra sy hamaliana izany amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira.

**Soso-kevitra momba ny hira:** (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra).

Natontan'ny Trano Pirinty Advantista Soamanandrariny
BP 1134 Antananarivo 101
Lalam-pirenena mankany Toamasina (RN2), PK6
Tel. 033 37 107 17 - 033 37 110 39 - 034 86 606 99
e.mail <impriad@mea.adventist.mg>

Voatolotra ara-dalàna: DL: 592-D/10.22
Ny Natonta: 9 335 isa